<p><b>Art. 219, al. 2.-</b> Tout IAR, à l'exception des salariés des EA, des agents généraux et des <u>sociétés de courtages</u>, doit être en mesure de justifier.....civile professionnelle.</p>	<p><b>Art. 219, al. 2.-</b> Tout IAR, à l'exception des salariés des EA, <b>des succursales d'entreprises de réassurance étrangères</b>, des agents généraux et des <b>courtiers d'assurance ou de réassurance</b>, doit être en mesure de justifier.....civile professionnelle.</p>
<p><b>Art. 224, al. 1.-</b> Tout membre du personnel salarié des EA, des agents généraux et des salariés des EA, des agents généraux et des courtiers d'assurance ou de réassurance ou de réassurance doit compter.....présente loi.</p>	<p><b>Art. 224, al. 1.-</b> Tout membre du personnel salarié des EA, des agents généraux et des salariés des EA, <b>des succursales d'entreprises de réassurance étrangères</b>, des agents généraux et des courtiers d'assurance ou de réassurance ou de réassurance doit compter.....présente loi.</p>
<p><b>Art. 227, al. 1.-</b> Tout membre du personnel salarié des EA, des agents généraux ou des courtiers d'assurance ou de réassurance à l'exclusion du personnel administratif peut exercer la fonction d'IAR.</p>	<p><b>Art. 227, al. 1.-</b> Tout membre du personnel salarié des EA, <b>des succursales d'entreprises de réassurance étrangères</b>, des agents généraux ou des courtiers d'assurance ou de réassurance à l'exclusion du personnel administratif peut exercer la fonction d'IAR.</p>
<p><b>Art. 229, al. 3.-</b> Les canaux de distribution sont notamment les prestataires de services bancaires régis par la loi bancaire,.....les associations, les opérateurs en téléphonies mobiles, les chaînes de la réglementation qui leur est application.</p>	<p><b>Art. 229, al. 3.-</b> Les canaux de distribution sont notamment les prestataires de services bancaires .....les associations, <b>les coopératives</b>, opérateurs en téléphonies mobiles, les chaînes de la réglementation qui leur est application.</p>
<p><b>Art. 238, al. 2.-</b> En cas de retrait d'agrément, la CSBF:.....</p> <p>2.-met à jour et publie la liste des EA agréées prévue à l'article 232 de la présente loi.</p>	<p><b>Art. 238, al. 2.-</b> En cas de retrait d'agrément, la CSBF:.....</p> <p>2.-met à jour et publie la liste des EA agréées prévue à l'article 233 de la présente loi.</p>
<p><b>Art. 238, al. 3.-</b> Dès le retrait de son agrément, l'EA cesse immédiatement ses activités .....aux dispositions de l'article <u>382</u> de la présente loi et publie à ses frais la décision dans au moins deux (2) des journaux d'annonces légales.</p>	<p><b>Art. 238, al. 3.-</b> Dès le retrait de son agrément, l'EA cesse immédiatement ses activités .....aux dispositions de l'article <b>381</b> de la présente loi et publie à ses frais la décision dans au moins deux (2) des journaux d'annonces légales.</p>

<p><b>Art. 239, al. 1.-</b> Les contrats d'assurances non vie cessent de plein droit .....prévue par l'article <u>237</u> ci-dessus.</p>	<p><b>Art. 239, al. 1.-</b> Les contrats d'assurances non vie cessent de plein droit .....prévue par l'article <b>238</b> ci-dessus.</p>
<p><b>TITRE IX-CHAPITRE 1</b> Section 3. Interdictions</p> <p><b>Art. 245.-</b> Les membres de la CSBF <u>et les agents superviseurs du Secrétaire Général de la CSBF</u> ne peuvent pas:</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- être liés d'aucune manière soit directement soit par personne interposée à l'égard des EA, ni avoir des intérêts dans ces entreprises autrement que comme souscripteurs ou bénéficiaires de contrats d'assurance, sous peine de l'application des sanctions prévues à l'article <u>445</u> de la présente loi;</li> <li>-exercer une fonction ou un mandat non rémunéré ou rémunéré directement ou indirectement au sein d'une EA ou une entité de son groupe. Cette interdiction continue de s'appliquer dans un délai d'un (1) an après la cessation <u>de fonction</u> avec une obligation de réserve en ce qui concerne la divulgation des informations ou de documents dont ils ont eu connaissance pendant leur mandat ou leur fonction</li> <li>-avoir la qualité de «<u>personne politiquement exposée</u>» définie à l'article 4 de la présente loi.</li> </ul> <p>L'<u>interdiction</u> survenue pendant l'exercice <u>de la fonction</u> ou du mandat d'un membre entraîne la cessation d'office de son mandat. Dans ce cas, ledit membre notifie immédiatement le Président de la CSBF.</p>	<p><b>TITRE IX-CHAPITRE 1</b> Section 3. Interdictions</p> <p><b>Art. 245.-</b> Les membres de la CSBF ne peuvent pas:</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- être liés d'aucune manière soit directement soit par personne interposée à l'égard des EA, ni avoir des intérêts dans ces entreprises autrement que comme souscripteurs ou bénéficiaires de contrats d'assurance, sous peine de l'application des sanctions prévues à l'article <b>430</b> de la présente loi;</li> <li>-exercer une fonction ou un mandat non rémunéré ou rémunéré directement ou indirectement au sein d'une EA ou une entité de son groupe. Cette interdiction continue de s'appliquer dans un délai d'un (1) an après la cessation <b>du mandat</b> avec une obligation de réserve en ce qui concerne la divulgation des informations ou de documents dont ils ont eu connaissance pendant leur mandat ou leur fonction</li> <li>-exercer des fonctions gouvernementales, institutionnelles et élective.</li> </ul> <p>L'<b>incompatibilité</b> survenue pendant l'exercice du mandat d'un membre entraîne la cessation d'office de son mandat. Dans ce cas, ledit membre notifie immédiatement le Président de la CSBF.</p>
<p><b>Art. 249, al. 3.-</b> La CSBF procède à la publication des instructions sur le site web de BFM. Les instructions sont exécutoires dès leur notification à l'Association professionnelle visée à l'article 345 de la présente loi.</p>	<p><b>Art. 249, al. 3.-</b> La CSBF procède à la publication des instructions sur le site web de BFM. Les instructions sont exécutoires dès leur notification <b>aux</b> Associations professionnelles visées <b>aux articles 345 et 348</b> de la présente loi.</p>
<p><b>Art. 267, al. 3.-</b> La CSBF doit se doter des moyens, .....conformément aux exigences</p>	<p><b>Art. 267, al. 3.-</b> La CSBF doit se doter des moyens, .....conformément aux</p>

<p>énoncées aux articles 288 à <u>291</u> de la présente loi</p>	<p>exigences énoncées aux articles 288 à <b>297</b> de la présente loi</p>
<p><b>Art. 271.-</b> La CSBF effectue le contrôle consolidé lorsque l'EA appartient à un groupe défini par l'article 4 de la présente loi.....susceptibles de compromettre leur situation.</p> <p>La CSBF peut effectuer une supervision transfrontalière.....prévu par l'article <u>266</u> de la présente loi.</p>	<p><b>Art. 271.-</b> La CSBF effectue le contrôle consolidé lorsque l'EA appartient à un groupe défini par l'article 4 de la présente loi.....susceptibles de compromettre leur situation.</p> <p>La CSBF peut effectuer une supervision transfrontalière.....prévu par l'article <b>256</b> de la présente loi.</p>
<p><b>Art. 272.-</b> La CSBF prononce une ou plusieurs des sanctions disciplinaires prévues par l'article <u>280</u> ci-après.....de la présente loi et de ses textes subséquents, notamment : .....des services d'assurance.</p>	<p><b>Art. 272.-</b> La CSBF prononce une ou plusieurs des sanctions disciplinaires prévues par l'article <b>273</b> ci-après.....de la présente loi et de ses textes subséquents, notamment : .....des services d'assurance.</p>
<p><b>Art. 307, al. 1.-</b> La CSBF peut, à titre de sanction disciplinaire, de mesure de redressement ou de résolution prévues par les articles 273, 359 et 368 de la présente loi, imposer à une EA le transfert d'office d'une partie ou de la totalité de son portefeuille de contrats d'assurance lorsque le transfert volontaire n'a pas abouti <u>ou à titre de sanction disciplinaire prévu à l'article 273 de la présente loi.</u></p>	<p><b>Art. 307, al. 1.-</b> La CSBF peut, à titre de sanction disciplinaire, de mesure de redressement ou de résolution prévues par les articles 273, 359 et 368 de la présente loi, imposer à une EA le transfert d'office d'une partie ou de la totalité de son portefeuille de contrats d'assurance lorsque le transfert volontaire n'a pas</p>
<p><b>Art. 314. al. 4.-</b> A la clôture de chaque exercice, le Conseil d'Administration établit un rapport de solvabilité indiquant notamment :</p> <p>1.- les conditions dans lesquelles l'EA garantit ses engagements par la constitution des provisions techniques suffisantes prévues par l'article <u>309</u> de la présente loi;</p> <p>.....</p>	<p><b>Art. 314. al. 4.-</b> A la clôture de chaque exercice, le Conseil d'Administration établit un rapport de solvabilité indiquant notamment :</p> <p>1.- les conditions dans lesquelles l'EA garantit ses engagements par la constitution des provisions techniques suffisantes prévues par l'article <b>302</b> de la présente loi;</p> <p>.....</p>
<p><b>Art. 326. Al. 5.-</b> Les assurés de bonne foi peuvent demander le remboursement des primes ou cotisations lorsque les EA ont proposé d'assurer des opérations prohibées prévues à <u>l'article 422</u> de la présente loi</p>	<p><b>Art. 326. Al. 5.-</b> Les assurés de bonne foi peuvent demander le remboursement des primes ou cotisations lorsque les EA ont proposé d'assurer des opérations prohibées prévues <b>aux articles 409 et 410</b> de la présente loi</p>
<p><b>TITRE XII-CHAPITRE 2.-Session 5</b> Sous-section 2: Pouvoirs et mission du Commissaire de <u>redressement</u></p>	<p><b>TITRE XII-CHAPITRE 2.-Session 5</b> Sous-section 2: Pouvoirs et mission du Commissaire de <b>résolution</b></p>

<p><b>Art. 407, al. 1.-</b> Il est interdit à toute personne physique ou morale, autre qu'une EA agréée d'effectuer à titre habituel des opérations d'assurance <u>prévus</u> aux articles 5 et 8 à 12 de la présente loi sous peine de l'application des sanctions pénales prévues à l'article <u>438</u> de la présente loi</p> <p><b>Al, 3. 3<sup>ème</sup> tiret:</b> la saisine de la juridiction des référés en vue de la suspension des opérations d'assurance incriminés.</p>	<p><b>Art. 407, al. 1.-</b> Il est interdit à toute personne physique ou morale, autre qu'une EA agréée d'effectuer à titre habituel des opérations d'assurance <b>prévues</b> aux articles 5 et 8 à 12 de la présente loi sous peine de l'application des sanctions pénales prévues à l'article <b>421</b> de la présente loi</p> <p><b>Al, 3. 3<sup>ème</sup> tiret:</b> la saisine de la juridiction des référés en vue de la suspension des opérations d'assurance <b>incriminées</b>.</p>
<p><b>TITRE XIV</b></p> <p><b>Section 5. Personnes politiquement Exposées</b></p> <p><b>Art. 412.-</b> Toute personne <u>ayant la qualité de «Personne Politiquement Exposée» définie à l'article 4 de la présente loi ainsi que toute personne morale placée sous son contrôle ne peuvent pas assumer une fonction d'administrateur, de dirigeant ou de contrôle d'une EA sous peine de l'application des sanctions pénales prévues à l'article 423 de la présente loi. L'interdiction continue de s'appliquer dans un délai de deux (2) ans à compter de la cessation de la qualité de «Personne Politiquement Exposée».</u></p>	<p><b>TITRE XIV</b></p> <p><b>Section 5 Incompatibilités</b></p> <p><b>Art. 412.-</b> Toute personne <b>exerçant des fonctions gouvernementales, institutionnelles ou électives ainsi que toute personne morale placée sous son contrôle ne peuvent pas assumer une fonction d'administrateur, de dirigeant ou de contrôle d'une EA sous peine de l'application des sanctions pénales prévus à l'article 423 de la présente loi. L'incompatibilité continue de s'appliquer dans un délai de deux (2) ans à compter de la cessation de sa fonction.</b></p>
<p><b>Art 413.-</b> Les EA veillent à ce que les membres du Conseil d'Administration, de la direction générale et de l'organe de contrôle d'une EA n'aient pas la qualité de <u>«Personnes Politiquement Exposée»</u> définie à l'article 4 de la présente loi.</p> <p><u>Les personnes devenues «Personne Politiquement Exposée» démissionnent de leurs fonctions au sein du Conseil d'Administration, de la direction générale et de l'organe de contrôle d'une EA dans un délai d'un (1) mois à compter de leur qualité de «Personne Politiquement Exposée».</u></p> <p><u>Toutefois, les actes passés avant leur démission demeurent valables. L'EA concernée informe immédiatement le Secrétaire Général de la CSBF par tout procédé laissant trace écrite.</u></p>	<p><b>Art 413.-</b> Les EA veillent à ce que les membres du Conseil d'Administration, de la direction générale et de l'organe de contrôle d'une EA n'aient pas la qualité <b>des personnes visées à l'article 412 ci-dessus.</b></p> <p><b>Ces dernières démissionnent de leurs fonctions au sein du Conseil d'Administration, de la direction générale et de l'organe de contrôle d'une EA dans un délai d'un (1) mois. Toutefois, les actes passés avant leur démission demeurent valables. L'EA concernée informe immédiatement le Secrétaire Général de la CSBF par tout procédé laissant trace écrite.</b></p>



<p><b>Art. 421, al. 2.-</b> En cas d'exercice illégal d'opérations d'assurance, d'utilisation d'une dénomination sociale d'un prestataire de services d'assurance sans agrément ou <u>licence</u>, .....au frais du condamné.</p>	<p><b>Art. 421, al. 2.-</b> En cas d'exercice illégal d'opérations d'assurance, d'utilisation d'une dénomination sociale d'un prestataire de services d'assurance sans agrément ou <b>autorisation</b>, .....au frais du condamné.</p>
<p><b>Art. 423, al. 1.-</b> Sans préjudice des sanctions disciplinaires prises par la CSBF, est passible d'une amende de 10 000 000 à 40 000 000 Ariary, tout membre des organes d'administration, de direction et de contrôle d'une EA qui aura :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>-concouru à l'effondrement de l'EA en raison de la mauvaise administration, direction ou contrôle de EA;</li> <li>-enfreint les incompatibilités prévues aux articles 411 et 412 de la présente loi;</li> </ul> <p>.....</p>	<p><b>Art. 423, al. 1.-</b> Sans préjudice des sanctions disciplinaires prises par la CSBF, est passible d'une amende de 10 000 000 à 40 000 000 Ariary, tout membre des organes d'administration, de direction et de contrôle d'une EA qui aura :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>-concouru à l'effondrement de l'EA en raison de la mauvaise administration, direction <b>générale</b> ou contrôle de EA;</li> <li>-enfreint les incompatibilités prévues aux articles <b>286</b> 411 et 412 de la présente loi;</li> </ul> <p>.....</p>
<p><b>TITRE XV</b>  <b>Section 7. Membres de la CSBF <u>et agents superviseurs</u></b>  Art. 430.- Sont passibles d'une amende de 4 000 000 à 100 000 000 Ariary, tout membre de la CSBF et <u>les agents superviseurs qui</u> auront enfreint l'une des incompatibilités prévues par <u>les articles 245 et 286</u> de la présente loi.</p>	<p><b>TITRE XV</b>  <b>Section 7. Membres de la CSBF</b>  Art. 430.- Sont passibles d'une amende de 4 000 000 à 100 000 000 Ariary, tout membre de la CSBF qui auront enfreint l'une des incompatibilités prévues par l'article 245 de la présente loi.</p>

Talohan'ny hifaranan'ny famakiana ny tatitra, Andriamatoa HENRI Jean Michel, Kestora Voalohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Taorian'ny famakiana ny tatitra, samy tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana momba izany ny Solombavambahoaka sy ny solotenan'ny Governemanta.

Rehefa izany, nomen'Andriamatoa Filoha ny Ministry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny fitenenana, hanazavany ny anton'anton'ny volavolan-dalàna.

Niarahaba ny rehetra nahavita ny fankalazana ny faha-60 taonan'ny fahaleovantena, Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Ministry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola. Rariny raha mifampiarahaba, hoy izy, satria zava-dehibe ny fahatratrarana izany.

Nomarihany, taorian'izay fa feno ny tatitra nentin'ny Mpampakateny teo ary efa nisy koa ny asam-baomiera natao tamin'izany. Mazava ny toromarika tany amin'ny asam-baomiera tamin'ny fanovàna nataon'ny Antenimierandoholona.

Nangatahany avy hatrany ny handanian'ny Solombavambahoaka ity volavolan-dalàna ity. Hiova ny zava-misy eto amintsika aorian'ny fahalanian'ity satria hisokatra ny asa hafa

momba ny fiantohana na ny “service et prestation” mikasika ny fiantohana. Noho izany, mbola nohamafisiny ny handaniana azy ity.

Fisaorana ny Solombavambahoaka no namaranany ny fitenenana rehefa izany.

Nisaotra azy tamin’izay teny nataony izay koa, Andriamatoa Filoha ary nilaza fa hiditra amin’ny adihevitra ankapobeny ny mpivory. Nomarihany fa araka ny voalazan’ny andininy faha-137 ao amin’ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia izay tsy itoviana hevitra ihany no anaovana adihevitra.

Rehefa izany, nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa FAMINDRA Justin, nohamafisiny ny fahavitan’ny fankalazana ny fetim-pirenena ary nitao ny rehetra izy handany ity volavolan-dalàna ity 100%. Efa “confinement” faha-6 izao ka tokony hovonjena, hoy izy, ireo mpitatitra amin’ny alalan’izao fiantohana izao satria mijaly ireo olona ireo.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Vola, namaly fa ekena izany ary voaray ny sosokevitra. Hampitaina amin’ireo “Assurances” ARO sy NY HAVANA izany rehefa lany soa aman-tsara ity volavolan-dalàna ity.

Rehefa tsy nisy nanan-kambara intsony, nilaza Andriamatoa Mpitarika ny fivoriana, fa hiroso amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory. Nomarihany, fa efa nolanian’ny Antenimierampirenena tamin’ny endriny nasiam-panovàna ity tamin’ny faha-11 Desambra 2019 ary nasian’ny Antenimierandoholona fanitsiana sy fanovàna koa tamin’ny volana Mey 2020 teo.

Toy izao no fizotry ny fandaniana ity volavolan-dalàna ity tamin’ny isan’andininy.

- Andininy faha-122.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 31 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-133.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 31 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-134: nofoanana.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 31 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-145: nampiana hoe: « pour être statué au régime juridique de la présente loi ».

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 31 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-212 : nesorina.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 31 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-213, andalana voalohany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 31 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-214, nampiana a) ary niova toy izao: « les ....auprès de leurs employeurs »

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 31 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-217 : nofoanana ny « est salarié des EA ».

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 31 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-218 : nofoanana

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 31 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-219 : nofoanana

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 31 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-224, andalana faha-2 : nofoanana

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 31 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

- Zanatsokajy faha-3 : nofoanana

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 31 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-227 : nofoanana

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 32 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-345, teboka faha-12 : nofoanana

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 32 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

- Andininy faha-368, teboka faha-4 : nofoanana

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 35 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny ny mpivory ary nambaran'Andriamatoa Filoha, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izao fandaniana izao.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 35 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-007/2019 tamin'ny 30 Oktobra 2019 momba ny Fiantohana.

Taorian'izay, nomeny fitenenana, ny Ministry ny Toekarena sy ny Vola, Andriamatoa RANDRIAMANDRANTO Richard ary fisaorana ny Solombavambahoaka tamin'ny fandaniana nataony no nasetriny izany. Nambarany koa fa tsy misy madilana hotetenina intsony, fa ny fampiharana no andrasana.

Rehefa izany, nilaza Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandinihana ny volavolan-dalàna manaraka indray ny mpivory, izay mitondra ny laharana faha-011/2019 "sur la loi Bancaire".

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson hatrany no namaky ny tatitra momba izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Talata faha-23 Jona 2020 tamin'ny 11 ora sy 30 minitra, atoandro, ny Vaomiera mitambatra niarahan'ny Vaomieran'ny Fitatanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Tetipivoarana, ny Vaomieran'ny Angovo sy ny Rano, ny Vaomieran'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Teknolojia vaovao, nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2019 tamin'ny 11 Desambra 2019 mikasika ny lalàna mifehy ny Banky.

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitatanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka nanatrika ny fivoriana,  
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- 1- ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
- 2- RAFIDIMANANA Narson
- 3- TSARADIA Marco
- 4- ANDRIANAMBININA Djohary Lee
- 5- HENRI JEAN MICHEL
- 6- RAKOTOARISOA Johnny
- 7- RANDRIAMANAMPISOA Alfred
- 8- ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
- 9- ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
- 10- RAVONTY Tam-Téon Luc
- 11- RAZARA Pierre Fidèle
- 12- CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot
- 13- RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa

Ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- RATSIMANDRIONA Aïda Hardy
- 2- RAJAABELINA Lova Herizo
- 3- RAKOTOMALALA Miarintsoa
- 4- RAKOTOMALALA Lucien
- 5- DONOVAN Jimmy
- 6- FIAROVANA Lovanirina
- 7- VOLAHAINGO Marie Thérèse

Tonga nisolotena ny Governemanta ireto teknisiana manaraka ireto,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- |                                      |                |
|--------------------------------------|----------------|
| 1- RANJALAHY Ihaja                   | DG TRESOR      |
| 2- ANDRIAMANANTSILAVO Mampionona     | DGT/DOF        |
| 3- RANAIVOSON Seheny Augustin        | SG/CSBF        |
| 4- RALAINDIMBY Tsilavo Haja          | DRE/CSBF       |
| 5- ANDRIANAINALAZA Prosper           | DAJ/BFM        |
| 6- RANDRIANARIVO Jessica             | DERL/SL        |
| 7- TSELANY Déborah                   | DERL/SL MINJUS |
| 8- RAKOTOARIMANANA Njaka             | DGT/DDF/SIF    |
| 9- RANDRIANJANAKA Dina               | DGT/DOF/SIF    |
| 10- RATSIMANDRESY Faly               | DGT/DOF/SIF    |
| 11- RANDRIAMAMPANDRY Diana           | CSBF           |
| 12- RAMAHATAFANDRY Fanja Mino        | CSBF           |
| 13- ANDRIAMANGA Tsirimiarantsoa      | DAE/MEAH       |
| 14- RANDRIANJANAKA Volatantely       | DDP            |
| 15- ANDRIANJAZA Harimbolatiana       | MEF/DGT/DDP    |
| 16- RAHARIMANANA Dominique           | MEF/DGT/DDP    |
| 17- RAJONA Ambinintsoa Nomenjanahary | MEF/DGT/DDP    |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny ny teknisiana ny fitenenana mba hanazavany mikasika ity volavolan-dalàna ity.

Nambaran'ny teknisiana fa ity volavolan-dalàna ity dia:

- niainga tamin'ny fahatsapana fa ambany ny tahan'ny mpanjifan'ny banky eto Madagasikara satria 12% monja izany, kanefa anisan'ny ilaina amin'ny fampandrosoana ny toekarem-pirenena;
- fanavaozana ny "secteur financier" amin'ny ankapobeny;
- fanarahana sy fandraisana an-tànana ny fivoaran'ny teknolojia, toy ny "mobile banking", izay mbola tsy misy lalàna mifehy izany;
- famahana ny olana any amin'ny "établissement de crédit" rehefa misy ny krizy mba tsy hangatahana fanampiana any amin'ny Fanjakana intsony;
- fiarovana ny zon'ny mpanjifa;
- fanamafisana ny "secteur financier";
- fanatsarana ny fifandraisana iraisam-pirenena;

- fisarihana ny mponina hampiasa ny “secteur financier” na ny “inclusion financière”.

Nambaran’ny teknisiana ihany koa, fa mila fanavaozana ny lalàna mifehy ny Banky satria lalàna efa tamin’ny taona 1996 no ampiasana amin’izao fotoana izao. Efa nisy koa ny fanavaozana ny lalàna hafa toy ny:

- lalàna mikasika ny “money electronic” ny taona 2017;
- lalàna mikasika ny “microfinances” ny taona 2018;
- lalàna mikasika ny “assurance” ny taona 2019.

Voalazan’ny teknisiana ihany koa fa mizara teboka dimy (5) lehibe ity volavolan-dalàna ity:

- 1- Fanavaozana ny lalàna mifehy ny banky sy filazana momba ny “secteur bancaire” teo aloha;
- 2- Fomba fiasa;
- 3- Fandalinana sy “benchmark”;
- 4- Paikady momba ny fanavaozana ny lalàna mifehy ny banky;
- 5- Zava-baovao mikasika volavolan-dalàna mifehy ny banky.

## **1. FANAVAOZANA NY LALANA MIFEHY NY BANKY**

### **1.1 Totonlon’ny « secteur bancaire »**

#### **(paysage et caractéristiques du secteur bancaire)**

- tsy miova ny isan’ny mpiantsehatra amin’ny “établissement bancaire” nandritry ny taona 2017 sy 2018, ka miisa 39 izy ireo, ny taona 2019 kosa dia nidina ho 29 io isa io satria nisy ny nafindra tany amin’ny Minisiteran’ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny fanaraha-maso azy ireo;
- miisa efatra (4) ny Banky lehibe mitazona ny fandraharana eto amintsika;
- ny “risque bancaire” dia mikasika ny “crédits de trésorerie” no betsaka indrindra ary ny “crédits d’équipement” no manaraka izany ny taona 2017 ka hatramin’ny taona 2019;
- tsy misy ny fampiasam-bola lavitr’ezaka fa ny fampiasam-bola fohy ezaka no fahita eto;
- manodidina ny 50% ny fangalan’ny banky vola amin’ny “dépôt” sy ny “crédits”, 30% kosa ny tombotsoa amin’ny “commissions”;
- anisan’ny tombom-barotra lehibe ny fiverenan’ny vola nampiasan’ny banky satria mahatratra 33%, ka afaka telo (3) taona dia miverina ny vola.

### **1.2 Fandraisana anjaran’ny seha-pihariana faha-III amin’ny toekarena**

Mitondra anjara be dia be amin’ny fivoaran’ny toekarena ny seha-pihariana faha-III, satria mahatratra 54% ka hatramin’ny 55% izany ny taona 2017 ka hatramin’ny taona 2019.

### **1.2.1 Fandraisana anjaran'ny fandraharahana momba ny banky amin'ny seha-pihariana fahatelo**

Azo lazaina fa kely ny fandraisana anjaran'ny banky amin'ny fampandrosoana ny toekarena ao amin'io seha-pihariana fahatelo io satria 6,6% ka hatramin'ny 6,8% ny taona 2017 ka hatramin'ny 2019.

1.2.2 **Fandraisana anjaran'ny fandraharahana momba ny banky amin'ny toekarena**  
Mbola kely ny fandraisana anjaran'ny banky amin'ny toekarena satria 3,6% ka hatramin'ny 3,7% fotsiny izany ny taona 2017, ka hatramin'ny taona 2019.

### **1.3 Ny « inclusion financière » eto Madagasikara**

- ny tahan'ny olon-dehibe mametraka ny tahiry any amin'ny banky dia 7% fotsiny;
- ny tahan'ny olon-dehibe afaka misitraka ny "crédit" kosa dia 29%, noho izany dia marefo ny fisitrahana ny "service bancaire"
- araka ny fanadihadiana nataon'ny FINSCOPE tamin'ny taona 2016 dia 12% ny "taux de bancarisation" eto Madagasikara, 26% ho an'ny tanàn-dehibe ary 7% kosa ho an'ny any ambanivohitra, latsaka ambany izany raha oharina amin'ny firenena hafa. Betsaka ny ezaka natao mikasika ny "inclusion financière", nisy ny paikady natao ny taona 2018, ka hatramin'ny 2020 mba hanatsarana izany.

### **1.4 Paikadi-pirenena momba ny « inclusion financière » eto Madagasikara (Stratégie nationale d'inclusion financière à Madagascar: SNIM 2018-2022)**

1. Fampianarana sy fiarovana ny mpanjifa
2. Ampitomboina amin'ny sehatra samihafa ny "services financières"
3. Hisy ny politika sy ny "cadre légal, réglementaire" mifanaraka amin'izany.

### **1.5 Fenitra iraisam-pirenena**

- misy ny « comité de bête » izay natsangan'ny Governoran'ny Banky Foibe G-10 tamin'ny taona 1974, mba hanamafisana ny « système financier » iraisam-pirenena;
- miisa 29 ny isan'ny fepetra fanaraha-maso ny banky.

### **Tombanezaka mikasika ny « secteur financier »**

- hisy ny fanarahana ny fepetra iraisam-pirenena, izay nomen'ny Banky Iraisam-pirenena sy ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena tamin'ny taona 2015;
- nisy « recommandations » maromaro napetraky ny PESF (Programme d'Evaluation du Secteur Financier) tamin'ny taona 2016 dia nampidirina ao anatin'ity volavolan-dalàna ity

## **2 . FOMBA FIASA (démarche participative)**

### **Fifanakalozan-kevitra amin'ny mpiantsehatra sy ny mpiara-miombon'antoka**

Nodinihana mandritry ny fotoana maharitra ity volavolan-dalàna ity, ka toy izao avy ny fotoana nanaovana izany:

- 06 Desambra 2018: nisy ny fifanakalozan-kevitra voalohany teo amin'ny mpiantsehatra amin'ny banky sy ny « microfinances »;

- 07 Desambra 2018: natao ny fifanakalozan-kevitra teo amin'ny mpiaramiombon'antoka sy ny Minisitera voakasiky ny lalàna ary ny mpanara-maso samihafa;
- 20 Desambra 2018: nisy ny fivoriana faharoa niarahan'ny mpiantsehatra amin'ny banky sy ny "microfinances";
- 14 Desambra 2019: notanterahina ny fivoriana ara-teknika teo amin'ny mpiantsehatra amin'ny banky sy ny "microfinances" mba hahafahana mamita antoratra ity volavolan-dalàna ity;
- volana Febroary ka hatramin'ny volana Jona 2019: natao ny fivorian'ny CRDA (Commission de Réforme du Droit des Affaires) niaraka tamin'ny mpiantsehatra amin'ny banky sy ny "microfinances".

### **3. FANDALINANA SY «BENCHMARK»**

Nisy ny fandalinana teo amin'ny firenena maromaro mikasika ny:

- mpiantsehatra;
- fandraharahana;
- fanaraha-maso;
- fanarenana na fanafoanan'ny mpiantsehatra tratry ny fahasahiranana;
- fiarovana ny mpanjifa;
- fiantohana ny fametraham-bola;
- zanabola.

### **4. PAIKADY MOMBA NY FANAFAOZANA NY LALÀNA MIFEHY NY BANKY**

Ny tanjona amin'ny fanavaozana ny lalàna mifehy ny banky dia ny hahatongan'ny "secteur bancaire" hatanjaka sy handray anjara tanteraka ao anatin'ny "inclusion financière", ka toy izao avy izany:

- fanatsarana ny mahamari-toerana sy ny fahatanjahan'ny "secteur bancaire";
- fanovàna endrika ny "secteur bancaire" mba hisian'ny fampandrosoana ara-toekarena;
- fanatsarana ny "inclusion financière";
- fanatsarana ny fifampitokisana eo amin'ny mpampindram-bola sy ny mpanjifa;
- fiarovana ny mpametra-bola ao amin'ny mpiantsehatra tratry ny fahasahiranana.

### **5. ZAVA-BAOVAO MOMBA NY VOLAVOLAN-DALANA MIFEHY NY BANKY**

Ahitana Lohateny miisa fito (7) sy Andininy 257 ity volavolan-dalàna ity, ka toy izao ny fanovàna misongadina hita ao:

- tsy niova ny isan'ny "établissements de crédit", noho izany dia hosokafana bebe kokoa ny mpiantsehatra, hampitomboana ny isan'izy ireo ka hisy ny "catégorie" sy ny "sous-catégorie"
- hisy ny mpanelanelana ny banky sy ny mpanjifa (Agent bancaire);
- hatsaraina ny fomba fakana ny "agrément";
- ny CSBF (Commission de Supervision Bancaire et Financière) no:
  - miandraikitra ny fanaraha-maso sy ny mahamarin-toerana ny « système financier »;



- manara-maso sady mamaha ny olana.
- hisy ny fepetra maromaro harahina (règlementation de la profession);
- ny “établissements de crédit” tratry ny fahasahiranana dia arenina raha mbola azo avotana, foanana kosa raha tsy misy antenaina intsony;
- ny « fonds de garantie » no hampiasana rehefa misy ny fahasahiranan’ny « établissement de crédit », fa tsy hiankin-doha amin’ny Fanjakana intsony, mba hiarovana ny volan’ireo mpametra-bola;
- raha misy manao ny asan’ny banky nefa tsy nahazo fankatoavana dia azo saziana araka ny lalàna.

Rehefa izany dia niroso tamin’ny fametraham-panontaniana ny mpivory:

Fanontaniana:

1. Mahatratra 97% na 93% ny « établissement de crédit » informel, ahoana ny hampitomboana ireo « formel » mba hampiakarana ny hetra?
2. Ny zanabola eto Madagasikara dia ambony (20%) raha oharina amin’ny firenena hafa (Seychelle, Maurice, La Réunion....sns) satria 4% ka hatramin’ny 5% fotsiny izany. Inona no ezaka tokony hataon’ny Banky Foibe?
3. Inona no vahaolana mikasika ny fahasarotan’ny findramam-bola, satria tsy ny olona no matahotra hindram-bola fa ny banky no matahotra sy misafidy ny olona hampindraminy, mora io fampindramana io ho an’ny vahiny fa sarotra kosa izany ho an’ny Malagasy, vao maika manasarotra izany rahateo ny tsy maintsy fisian’ny antoka?
4. Iza avy ny mpikambana ao amin’ny CSBF, iza no manendry azy ireo?
5. Inona no andraikitry ny Fanjakana?
6. Inona no andraikitry ny BIC?
7. Inona no fiantraikan’ny lalàna amin’ny toe-karena?
8. Inona no fepetra arahina hahazoana manangana banky?
9. Tafiditra ao anatin’ny fananganana banky ve ny “rentabilité”?

Valiny:

1. Tokony hatao ny fampihenana ny “secteur informel” satria tsy ahafahana mampivoatra ny toekarena ireny. Efa naharitra telo (3) taona ny fanatsarana ny « secteur financier », ka toy izao avy izany:
  - fanatsarana ny lalàna na fiaingana avy any amin’ny « cadre de base »;
  - fanatanterahana ny paikadim-pirenena;
  - fampitomboana ny « éducation financière »;
  - fampiakarana ny « taux de bancarisation » ho lasa 45% amin’ny taona 2022 raha toa mbola 29% izany amin’izao fotoana izao;
  - fampitomboana ny “service bancaire”.
2. Mikasika ny fandraisana anjaran’ny Banky Foibe amin’ny fampidinana ny zanabola eto Madagasikara dia ny:
  - fanatsarana ny “politique monétaire”;
  - fijerena ny “agrégat macroéconomique”;
  - fahafahan’ny « Banque Primaire » mindrana vola any amin’ny Banky Foibe, amin’ny alalan’ny “taux de facilité de paiement” (5%) fa tsy mampiasa ny « taux directeur » (11%, 12%,13%) intsony;

- fandraisana anjara amin'ny "éducation financière";

3. Raha ny tena marina dia misy ny tsy fahasahian'ny banky mampindram-bola, sady tsy sahy mindram-bola koa ny olona satria mila antoka ny banky mba hiverenan'ny volany. Ilaina noho izany ny "éducation financière" mba hahazana'ny olona manasaraka ny "capital" sy tombom-barotra, ny vahiny izay mora mahazo fampindramam-bola dia efa ampy tsara ny traikefan'izy ireo amin'ny fampiasana ny vola.

4. Ao amin'ny Andininy faha-66 no ahitana ny momba ny mpikambana ao amin'ny CSBF, tendrena madritry ny Filankevitry ny Minisitry izany ary ny Governora sy ny Minisitry ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola no manolotra izany. Mifandray akaiky amin'ny Banky Foibe ny CSBF.

Misy mpikambana miisa 11 ao amin'ny fanaraha-maso, ary 9 kosa ny momba ny fanafoanana raha tsy misy antenaina intsony ny « établissement de crédit » tojo fahasahiranana.

5. ny andraikitry Fanjakana dia ny fanamorana ny findramam-bolan'ny mpandraharaha madinika sy salantsalany (amélioration de l'accès au crédit) raha tsy ampy ny antoka entiny hindram-bola, mahatratra 8 000 000 Dolara ny vola natokana amin'izany ka mpandraharaha miisa 5 000 no hisitraka izany raha 3 000 no efa nahazo izany.

6. ny BIC (Bureau d'Information sur les Crédits) dia manara-maso sy manangona antontam-baovao mikasika ny mpanjifa, manao ny « rapport de solvabilité » io birao io mba hanamora ny fampindramam-bolan'ny mpanjifa.

7. ny fiantraikan'ny lalàna amin'ny toekarena dia hampitombo ny olona hahazo « inclusion financière », ka hitombo ny « activité de crédit » raha oharina amin'ny PIB, hidina koa ny isan'ny « établissement de crédit informel ».

8. Ao amin'ny andininy faha-27 no ahitana ireo fepetra ahazoana manangana banky, ka toy izao izany:

- fankatoavana (agrément);
- fahafantarana ny "promoteur", ny fananan'ny "conseil d'administration" traikefa, ny "partenaire technique", ny karazana banky hatsangana mialohan'ny fanomezana ny fankatoavana;
- fijerena ny "plan d'affaires" mba hisian'ny fanatsarana ny "inclusion financière";
- fijerena ny « plan préventif du développement » mba hiarovana ny zon'ny mpanjifa.

9. Miankina amin'ny « rentabilité » ny fanomezana « agrément ».

#### Fanamarihana:

- lasa misy "risque" ny fitazomana ny vola natokana hoan'ny tetikasa "éducation financière", ka tokony hojerena io olana io.
- ny toeran'ny "éducation financière" dia mampianatra ny olona hanao tahiry, miaramisalahy amin'izany ny ONG, sns...
- hisy ny Sampandraharaha ahafahan'ny mpandraharaha madinika manao ny "business plan" mba hanamora ny findramam-bola.
- azo atao ny manao "mobilité bancaire" araka ny voalazan'ny andininy faha-132, ary misy fe-potoana iray (1) volana izany.
- ny famaritana ny "banque de développement" dia hita ao amin'ny andininy faha-17, natao ho famatsiam-bolan'ireo fotodrafitrasa lehibe izy io.
- ampiasana amin'ny « support électronique » ny vola mivezivezy mba hampitombo ny « inclusion financière ».

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna isan'andiny ny Vaomiera mitambatra.

**Famelabelarana ny antonantony:** lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana.

**Andiny voalohany hatramin'ny andiny faha-257:** lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna ny mpivory. Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirena.

Rehefa izany dia nolanian'ny Vaomiera mitambatra tamin'ny endriny tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2019 tamin'ny 11 Desambra 2019 mikasika ny lalàna mifehy ny Banky, ka hoentina any amin'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 1 ora sy 30 minitra, atondro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Taorian'ny famakiana ny tatitra, niroso tamin'ny fanamarihana sy fanitsiana mikasika izany ny mpivory.

Nanambara, Andriamatoa FELICIEN Randrianantenaina, fa ao amin'ny pejy faha-4, ny "taux de bancarisation 12%" teto Madagasikara izay mitsinjara ho 26% ho an'ny tanàn-dehibe ary 7% ho an'ny any ambanivohitra. Izay no izy, fa tsy hoe mizara ho 26%.

Nangataka ny hampidirana ny anarany ho ao anaty tatitra kosa Ramatoa RAHERIHARIJAONA Régina Clarisse satria tonga namonjy ny asam-baomiera ny tenany.

Tahak'izay koa Andriamatoa MOHAMAD Ahmad. Niangavian'ny Mpitarika fivoriana ny hampidirana azy ireo ao anaty tatitra.

Andriamatoa RABARIJOHN Henri Edmond, Governoran'ny Banky Foibe indray nilaza fa hampitaina any amin'ny mpitantsoratra ny fanitsiana tokony hataony.

Nanaiky izany ny Mpitarika fivoriana sady nanamafy ny hifanatonan'ny roa tonta.

Rehefa izany, nomeny ny Ministry ny Toekarena sy ny Vola ny fitenenana, mba hitondrany fanazavana momba ity volavolan-dalàna ity.

Tamin'ny fandraisan'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Ministry ny Toekarena sy ny Vola fitenenana, nambarany fa mifameno amin'ny "inclusion financière" momba ny fiantohana teo ity volavolan-dalàna ity.

Raha ny tatitra no jerena, hita fa zava-dehibe ny hanovàna ny lalàna mifehy ny banky eto amintsika. Ny antony efa mandroso ny teknolojia; ohatra, tamin'ny taona 1996 dia mbola tsy nisy ny "internet" sy ny "money banking". Izany hoe fotoana hafa mihitsy tamin'izany, fa amin'izao efa vanim-potoan'ny fandrosoana. Mbola anisan'ny faralahy isika raha ny vola mivezivezy no asiana teny. Raha isaina, 11 monja ny banky misy eto amintsika miampy ireo "établissements financiers" miisa 7 sy ireo "microfinances" maromaro. Raha bangoina, heverina fa maika ny fanitsiana ny "loi sur la banque" eto amintsika. Ohatra: mikasika ny "credit" omena ny sehatra tsy miankina dia 13% amin'ny PIB izany raha 104% kosa ny any "Maurice"; 35,4% ny any "Mozambique". Ny Repoblikan'i "Congo" no farany indrindra satria 7% monja ny azy ary isika no manaraka azy avy eo.

Eo amin'ny "total des actifs" dia 3,64 Tapitrisa Dolara ny antsika; izany hoe mbola faramparany ihany koa. Tsy maintsy manato ezaka isika eo amin'ny filan'ny vahoaka, ao koa ny fampiasana ny teknolojia vaovao. Ohatra, any "Kenya", raha vao mivoaka ny seranam-piaramanidina ianao dia afaka manokatra "comptes". Tsy ny vola no tsy misy, fa ny fomba ahafahana mametraka azy any amin'ny banky na ny fomba ahazoana mindrana azy; ohatra amin'izany ny findramam-bola hanaovana trano.

Nanamarika koa izy, fa mbola hisy volavolan-dalàna vaovao handalo eto amin'ny Antenimierampirenena, toy ny resaka "stabilité monétaire", ao koa ny fiaraha-miasa amin'ireo "banques primaires".

Toy izay ny fanazavana azo entina, hoy izy, ary mino izahay fa zava-dehibe ho an'ny rehetra ny fandaniana ity volavolan-dalàna ity satria ho hita ao ny fisian'ny "superviseur bancaire", ny fanendrena izay ho mpikambana ao amin'ny CSBF. Ireo fandaminana ireo no zava-dehibe. Mety hisy hanana fanahiana saingy efa noresahana teo ny amin'ireo banky miisa 11 eto amintsika. Marihana fa ny 10 amin'ireo mivoaka "bénéficiaires" avokoa. Ao koa ny resaka "banque de développement" izay mety mbola ho lavitr'ezaka.

Fisaorana ny Solombavambahoaka nihaino azy no namaranany ny teniny sady nitaona azy ireo mba handany ny volavolan-dalàna.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Minisitry, Andriamatoa Filoha dia nanome fitenenana ny Solombavambahoaka amin'ny adihevitra ankapobeny.

Nanao fanamarihana, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, fa manana "organismes financiers" miaraka amintsika isika koa maninona raha ampidirina ato, toy ny BAD sy ny BEI, ao amin'ny andininy faha-3 no tokony hampidirana izany satria tsy voakasik'ity izy ireo raha ny hita.

Vonona ny handany ny volavolan-dalàna izy, izay no namaranany ny teniny.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore nilaza ny momba ny fanjifana ireo "services bancaires" misy eto amintsika. Nisy ny fanovàna natao kanefa rehefa vehivavy no mindram-bola any amin'ny banky, sarotra vao mahazo izany, kanefa toa tsy misy lalàna milaza izany fahasaratana izany hoe: mila "autorisation de conjoint" hono.

Rehefa izany, nomena fitenenana, Andriamatoa RABARIJOHN Henri Edmond, Governoran'ny Banky Foiben'i Madagasikara.

Nambarany fa voaray ny fanamarihana nataon-dRamatoa Solombavambahoaka teo.

Nomarihany koa fa misy ny "fonds d'investissement" eto amintsika; koa rariny raha mbola tsy voafehin'ity volavolan-dalàna ity izany.

Mikasika ny hoe: mila "autorisation de conjoint" vao mahazo manokatra "compte"; tsy mitombina loatra izany satria manana zo hanokatra izany daholo na lahy na vavy. Raha misy olana, ny CSBF no afaka mandray an-tànana izany.

Raisina koa ny sosokevitra amin'ny hampidirana ireo mpiara-miasa amintsika ireo ho ao amin'ny andininy faha-3 ary hampiana ny teny hoe: "ainsi que..... et actionnaires" izany. Araka ny voalaza teo hifanatona amin'ny mpitantsoratra ny hampidirana izany.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, nambarany fa raha ny andininy faha-25 no jerena dia milaza ireo "établissements" tokony hanakalozana vola kanefa maro ny olona manakalo vola eny Tsaralalana; koa iza no mametraka ny "taux de change" ho an'ireo olona ireo. Raha ny andininy faha-96, voafetra ho an'ny Antenimierampirenena ve ny zavatra voalaza ao io.

Nanambara Andriamatoa RAVONTY Tam Teon Luc Urbain, fa maro ny olona mametraka vola any amin'ny banky kanefa raha haka izany dia ametrahana fanontaniana hoe: avy aiza ireo vola ireo. Noho izany, mihemotra ny mpandraharaha ka tsy mametraka ny volany any amin'ny banky intsony. Tokony hijerena vahaolana izay zavatra izay.

Andriamatoa JEAN FRANCOIS Michel indray nanamarika, fa ambony loatra ny zanabola alain'ny banky eto amintsika raha mitaha amin'ny any Afrika izay 11% na 12% monja; eto an-toerana kosa mahatratra 14% izany. Tokony hijerena vahaolana koa izay zavatra izay satria misakana ny olona tsy hindram-bola.

Manarak'izay, misy Solombavambahoaka tsy omena fampindramam-bola. Tsy mety koa ve raha ampidinina io taha hita ato amin'ny tatitra io satria mbola ambony loatra.

Nanamarika, Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Georges, fa tokony hampitoviana ny tahan'ny zanabolan'ny banky rehetra eto amintsika. Misy koa banky manao fanaraha-maso ny Solombavambahoaka amin'ny resa-bola. Tsy tokony hatao miharihary izany, fa mba atao ankolaka.

Ramatoa BAOFENO Micheline kosa nanao fanamarihana, fa tsy misy banky ao Nosy Varika na iray aza, fa lasa mankany Mananjary ny olona raha hanao zavatra mikasika ny banky. Tao amin'ny TIAVO ny olona no nametraka vola, very ny vola satria tsy fantatra intsony ny momba ny TIAVO. Jereo fa mijaly ny olona, tsy matoky ny banky ny olona manoloana izay zavatra izay. Mila vahaolana izahay, koa miangavy ny tomponandraikitra hamaha izany.

Andriamatoa MOHAMAD Ahmad indray naneho fa misy tranga tahaka izao: raha mindram-bola any amin'ny SIPEM dia mahazo kanefa rehefa hamerina azy, anontaniana indray hoe: avy aiza ny vola aloa. Ijereo vahaolana izany fa manahirana ny mieritreritra azy.

Ramatoa RAHERIARIJAONA Régina Clarisse kosa nanamarika, fa manjaka ny tsy fandriampahalemana any aminy; indrindra rehefa mahalafa lavanila; misy mamono, maty ny olona kanefa ny vola azo apetraka any amin'ny banky dia 10 Tapitrisa Ariary ihany. Tokony hisy fiaraha-miasa aminareo sy ny mpitandrofilaminana mba hialana amin'izany.

Nangataka ny hamerenana ny banky efa nisy tao Ankazoabo, Andriamatoa PEPIN MICHOU, satria lasa mankany Sakaraha ry zareo rehefa manao raharaha momba izany.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Filoha, an'Andriamatoa Minisitry ny fitenenana.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Vola dia nilaza fa hifameno ny valin-teny homen'ny solotenan'ny Governemanta.

Nomarihany fa ahiahy no saika nipetraka teo. Ny hanitsiana ny tontolo misy ny banky no anton'izao fanatsarana izao.

Raha amin'ny lafiny politika indray, misy elanelana eo amin'ny tsy fifankahazoana; izany hoe ny fomba fiasan'ny banky eto amintsika izany. Eo no ilana fitaizana mba hampitovy ny tadin-dokanga amin'ny mpiasan'ny banky sy isika mpanjifa ao aminy.

Tsy ny Solombavambahoaka ihany no tratran'izay "traitement" izay, fa misy olona hafa koa; eny na izaho izay miresaka aminareo aza. Tokony hampahatsiahivina ny mpiasan'ny banky, ao anefa ireo efa mahalala, fa efa miova ny lalàna. Mba hialana amin'ny kolikoly sy ny "personne exclusivement exposé" no antony ampahalalana azy ireo izany. Maro ny sokajin'olona tafiditra amin'io voalaza teo io; toy ny Solombavambahoaka, ny Minisitry ary ny Loholona. Izany hoe, tsy tokony hisy fanilikilihana saingy mety hitranga ihany ny "traitement de faveur". Ohatra, raha milahatra vola ianao dia mety hantsoiny amin'izay mba afaka mamonjy ny asanao avy eo.

Raha ny resaka TIAVO indray, marina fa nisy olana tao ary tsy tany Nosy Varika irery, fa saika tamin'ny Faritra Atsinanana iny. Harenina izay toe-javatra izay.

Momba ny fakanao ny volanao hoe itakiana "pièce justificative", tsy mety izany; koa raha azo atao aleo toriana ny olona manao izany. Hojerentsika miaraka angamba izay zavatra izay.

Mikasika ny tsy fandriampahalemana: tsy ny Minisiteranay ihany, fa Minisitera maromaro no tokony hifarimbona amin'ny hisorohana izany. Tsarovy fa misy vola be mivezivezy amin'ny gony eto amintsika. Izay no antony mampisy an'io tranga tsy fandriampahalemana io. Lafiny politika no namaliana azy teo, fa raha ny marina, aleo mifampitaiza isika rehetra ary tafiditra amin'ny "inclusion financière" araka ny voalaza teo izany.

Maro koa ny antony mampiroborobo ny resaka "informel" eto amintsika, koa ny hialana amin'izany no antony nandrosoana izao volavolan-dalàna izao.

Rehefa avy nisaotra ny Solombavambahoaka tamin'ny fanazavana nataony, Andriamatoa Minisitra dia nomeny an'Andriamatoa Governoran'ny Banky Foiben'i Madagasikara ny fitenenana.

Nambarany fa tsy ara-dalàna na "informel" ireo mpanakalo vola ireo. Aleo manao fanarahamaso mba hialana amin'izany. Tsara anefa ny manamarika, fa tsy manana "pouvoir de police" ny BCM, fa fiaraha-miasa no tokony hatao. Raha momba ny lalàna indray, mbola handalo eto ny "code de change" amin'ny fotoana mahamety izany.

Momba ny andininy faha-56 mikasika ny CSBF dia zavatra efa nisy io sady fanao ihany koa ary mbola hotohizana. Tamin'ny faran'ny volana Martsa 2020 teo, efa nandefa tatitra momba ny asa vita tany amin'ny Filohampirenena, ny Praiminisitra, ny Filohan'ny Antenimierampirenena ary ny Filohan'ny Antenimierandoholona izahay. Azo jerena amin'ny tranon-kalam-pifandraisana "bfm.net" izany. Ao anatin'izany koa no ahitana ny sandambolantsika.

Mikasika ny fakana vola, tsy tokony hisy sakana izany fa aleo ho fantatray, ka hifanampiana ny vahaolana amin'izany.

Momba ny resaka hampitoviana ny tahan'ny zanabola: jerena ao anatin'izay ny vidin'ny vola ampiasaina satria mindram-bola koa ny banky. Mbola samihafa koa ny tontolo iainan'ny banky. Manarak'izay, 5% no "taux d'inflation" tamin'ny taona 2019 ary 6% izany amin'izao fotoana izao. Jerena daholo ireo rehefa hikajy ny tahan'ny zanabola. Tsarovy fa tsy voatery hitovy ny tahan'ny zanabola mipetraka amin'ny olona tsirairay. Raha eo amin'ny vidin'ny vola, ambony izany raha maka any amin'ny BCM ny "banques primaires" kanefa misy "facilité de prêt" natao ho azy ireo izay 5% no anomezana izany.

Momba ny tontolo ara-toekarena kosa, azo lazaina fa antonony izay 6% izay. Izany hoe, mifameno ny asan'ny BCM sy ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Vola.

Mikasika ny fanontaniana apetraka raha haka vola 10 Tapitrisa Ariary, hanontanianay ny SIPEM ny antony anaovany izany.

Amin'ny tsy fandriampahalemana, efa mihamahazo vahana ny fampiasana "mobil banking" sy "cash point", ka heverina ny hiarovana azy ireny hialana amin'izay toe-javatra izay.

Momba ny any Ankazoabo hoe tsy misy banky, voaray ny sosokevitra amin'ny tokony hametrahana "agence" any an-toerana. Hampitaina ny hetaheta, ka ho hita eo ny "rentabilité" amin'izany.

Ho an'ny raharaha atao eny amin'ny banky, hofanina ny "agent de banque" mba hoentina hanamorana ny tolotra omeny ny mpanjifa.

Mikasika ny TIAVO: efa jerena ny fomba hanarenana azy amin'izao fotoana izao.

Taorian'ny valin-teny nataon'Andriamatoa Governoran'ny Banky Foiben'i Madagasikara, nandray fitenenana, Andriamatoa Filoha ary nanamarika fa amin'ny alalan'ity « loi bancaire »

vaovao ity dia hitovy ny antontan'isa amin'ireo banky miisa 11 misy eto amintsika. Raha tamin'ny taona 2019 no jerena, hoy izy, nahatra 1 707 712 no isan'ny mpanjifa tamin'ny banky teto amintsika, fa ny taona talohan'izay, hiezaka hanontany ny tomponandraikitra amin'izany.

Nambarany koa fa raha lany ity volavolan-dalàna ity, mametraka fanamby izahay, hoy izy, fa ho lasa avo roa heny ny isan'ny mampiasa banky. Nomarihany, fa afaka manokatra banky ankoatra ireo efa misy mba hahatsara ny « service bancaire », amin'izay hiakatra koa ny « circulation des masses monétaires » eto amintsika. Ny tanjona dia ny hampiakatra ny isan'ny mpampiasa banky sy ny banky eto Madagasikara.

Rehefa izany, nitohy ny fanomezana fitenenana ny Solombavambahoaka.

Nangataka ny tokony hampiasana ny Ariary eny amin'ny seranam-piaramanidina eny Ivato, ao amin'ny « sous douane », Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle ary nomarihany, fa misy fandikan-dalàna ao sady ny lalàna Malagasy no tokony hampiasaina amin'izany.

Nanontany Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Georges fa mbola misy ve ny fanakalozana vola rovitra ary raha misy, maninona no eny amin'ny Banky Foibe no anaovana izany.

Ahoana ny filazan'ny olona sasany fa hamoaka vola mitentina 100 000 Ariary, hono, ny Banky Foibe; marina ve izany sa tsia. Manamaivana ny olona ny famoahana izany raha hisy sady hitarika olana koa. Fanapahan-kevitra politika ve sa ara-toekarena no anton'izany.

Nanamarika, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson amin'ny fandraisam-pitenenan'ny namana, fa mivaona ny fanontaniana; koa raha azo atao, aleo manatona ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Vola. Raha mitohy izany, sao tokony haato ny fivoriana.

Nanamafy izany, Andriamatoa FAMINDRA Justin, fa aleo aato ny fivoriana satria efa amin'ny 2 ora, tolak'andro, izao.

Namaly Andriamatoa Filoha, fa tokony hovitaina ity volavolan-dalàna ity vao miato ny fivoriana.

Rehefa izany, nomeny ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana, hamaliany ireo fanontaniana nipetraka farany teo.

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Vola no nandray fitenenana mialoha ary nambarany fa mitombina tokoa io resaka tokony hampiasana ny Ariary eny amin'ny seranam-piaramanidina io. Raha “arrêté” no nanaovana izany, azony foanana izany. Marihana anefa fa misy firenena antsoina hoe: “pays interventionniste” mampihatra ny zavatra tahaka izany.

Aleo ity zavatra ity no iverenantsika sao lasa mivaona ka hanahirana.



Raha namaly kosa RABARIJOHN Henri Edmond, Governoran'ny Banky Foibe, nanambara fa tsy nisy eritreritra amin'ny hanaovana na hamoahana izany vola mitentina 100 000 Ariary izany hatramin'izao.

Mikasika ny vola rovitra indray, "plan fiduciaire" no apetraka ary any amin'ny Banky Foibe hatreto no anakalozana izany.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andiny ny mpivory.

Famelabelarana ny Antonantony: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 50 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

#### LOHATENY VOALOHANY:

Andininy voalohany sy ny andininy faha-2: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 50 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-3, andalana faha-3: notohizana hoe: "ainsi que..... bailleurs et actionnaires ».

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 50 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Andininy faha-4: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 50 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

#### LOHATENY FAHA-2:

Andininy faha-5 ka hatramin'ny andininy faha-13: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 50 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

#### LOHATENY FAHA-3:

Andininy faha-14 ka hatramin'ny andininy faha-26: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 50 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

**LOHATENY FAHA-4:**

Andininy faha-27 ka hatramin'ny andininy faha-33: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 50 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

**LOHATENY FAHA-5:**

Andininy faha-34 ka hatramin'ny andininy faha-96: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 50 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

**LOHATENY FAHA-6:**

Andininy faha-97 ka hatramin'ny andininy faha-165: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 51 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

**LOHATENY FAHA-7:**

Andininy faha-166 ka hatramin'ny andininy faha-227: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 51 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

**LOHATENY FAHA-8:**

Andininy faha-228 ka hatramin'ny andininy faha-234: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 51 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

**LOHATENY FAHA-9:**

Andininy faha-235 ka hatramin'ny andininy faha-249: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 51 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

**LOHATENY FAHA-10:**

Andininy faha-250 ka hatramin'ny andininy faha-257: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 51 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny ny mpivory. Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no hampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 51 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2019 tamin'ny faha-11 Desambra 2019 mikasika ny Lalàna mifehy ny Banky.

Nomeny fitenenana ny solotenan'ny Governemanta, taorian'izay.

Raha nandray fitenena, Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny vola, fankasitrahana ny fisian'ny fiaraha-miasa eo amin'ny Mpanatanteraka sy ny Mpanao Lalàna amin'ny fanatsarana ny fomba fiasan'ny Banky sy ny hampiroborobo ny fitomboan'ny mpanjifa ao aminy. Eo ihany koa, ny fanatsarana ny fanomezan-draharaha ho an'ny mpanjifa mba hisian'ny fitokisan'ireto farany ny fampiasam-bola, ny fametraham-bola amin'ireo banky misy eto amintsika.

Nomarihany, fa tsy mora tokoa ny manao Lalàna kanefa niara-niasa ny roa tonta mba hahatanteraka ny fanatsarana hatao.

Fisaorana an'Andriamatoa Governoran'ny Banky Foiben'i Madagasikara no natao manarak'izay, tamin'ny fiarahana namely ny hetaheta avy tamin'ny Solombavambahoaka.

Farany, fisaorana ny Solombavambahoaka tamin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna no namaranany ny teniny.

Rehefa avy nisaotra ny rehetra, Andriamatoa Filoha dia niato ny fivoriana.

Niato tamin'ny 2 ora sy 20 minitra, tolak'andro ny fivoriana.

Nitohy tamin'ny 3 ora sy 20 minitra, tolak'andro, indray ny fivoriana ary mbola Andriamatoa HENRI Jean Michel, Kestora Voalohan'ny Antenimierampirenena hatrany no nitarika ny fivoriana.

Rehefa avy namerina ny fiarahabana ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera hamaky ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2020 tamin'ny faha-20 Mey 2020 "autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement partiel du PRIRTEM I, conclu le 06 février 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (BAD/FAD).

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson no nanatanteraka izany.

Nivory ny Talata faha-23 Jona 2020 tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny Vaomiera mitambatra nahitana ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola sy ny Vaomieran'ny Angovo sy ny Rano nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2020 tamin'ny faha-20 Mey 2020 « autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Energie Electrique à Madagascar PRIRTEM I, conclu le 06 février 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (BAD/FAD) ».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nanatrika ny fivoriana :

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
2. ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
3. HENRI Jean Michel
4. RAFIDIMANANA Narson
5. RAKOTOARISOA Johnny
6. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
7. RAVONTY Tam-Téon Luc
8. TSARADIA Marco
9. RANDRIAMANAMPISOA Alfred
10. ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
11. RAZARA Pierre Fidèle
12. CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot
13. RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
14. RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
15. MOHAMAD Ahmad

Ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Angovo sy ny Rano:  
Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- 1- RATSIMANDRIONA Aïda Hardy
- 2- RAJAABELINA Lova Herizo
- 3- RAKOTOMANANA Miarintsoa A.
- 4- RAKOTOMALALA Lucien
- 5- DONOVAN Jimmy
- 6- FIAROVANA Lovanirina C.
- 7- VOLAHAINGO Marie Thérèse

Ireto avy ireo teknisiana tonga nisolotena ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1-RANJALAHY Ihaja	DG Trésor
2- ANDRIAMANANTSILAVO Mampionona	DGT/DOF
3- RAKOTOARIMANANA Njaka	DGT/DOF/SIF
4- RANDRIANJANAKA Dina	DGT/DOF/SIF
5- RATSIMANDRESY Faly	DGT/DOF/SIF
6- RABENANDRASANA Henri	DPO/JIRAMA
7- ANDRIAMANGA Tsirimiarantsoa	DAE/MEAH
8- RABESEHENOARISON Julien Simon	DP/JIRAMA
9- RANDRIANJANAKA Volatantely	DDP/MEF
10- RANJEVASOA Mbolatiana	CE/SG/MEF
11- ANDRIAMPARANY Stéphanie	CE/SG/MEF
12- RAMAROSANDRATANA Rija	DG/MEAH
13- RAMAROSON Andry	DG/MEH
14- RABENJA Serge	DPEBIO/DG/MEH
15- ANDRIANASOLO Miche I	DAJ/MEH
16- ANDRIANJAZA Harimbolatiana	MEF/DGT/DDP/SADE
17- RAHARIMANANA Dominique	MEF/DGT/DDP
18- RAJAONA Ambinintsoa Nomenjanahary	MEF/DGT/DDP

Rehefa avy nirahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisianina ny fitenenana mba hanazavany ny antonantony mahakasika ny Volavolan-dalàna.

Nambaran'Andriamatoa Tale Jeneralin'ny Angovo sy ny Akoran'Afo fa mikasika ny Angovo manokana dia manana olana telo goavana: voalohany, tsy ampy ny vokatry, faharoa lafo ny vokatry ary fahatelo efa antitra ny fotodrafitrasa misy eto amintsika. Izany no antony angatahana ny fankatoavana ity volavolan-dalàna ity mba hamahana ny olana amin'ny ankapobeny.

Ity fampindramam-bola ity dia mitentina 9 650 000 UC na 13 510 000 Dolara Amerikana na 49 499 289 000 MGA izay averina ao anatin'ny 40 taona, ka ny 10 taona voalohany dia tsy andoavana renivola. Ahitana "commission d'engagement" mitentina 0,50% isan-taona amin'ny vola tsy mbola nampiasaina ary "commission de service" mitentina 0,75% isan-taona amin'ny vola ampiasaina fa tsy mbola voaverina.

Ny PRIRTEM I dia natao hanamafisana sy hanitarana ny tambazotran'ny herinaratra avy eto Antananarivo mankany Toamasina izay mahatratra 120MW, hatao amin'izany ny fanitarana ny fitsinjarana herinaratra izay miainga avy ao Antsampanana sy Ambohibary ka hamatsiana Kaominina telo dia Morarano Gara sy Antsampanana ary Brickaville.

Efa antitra ny fotodrafitrasa ao Andekaleka sy Mandraka ka mila fanavaozana ihany koa. Ny fanamboarana io "ligne de transmission" io dia hamaha ny olana amin'ny fitondrana herinaratra ary afaka handray koa herinaratra avy amin'ny herin'ny masoandro.

Ny sora-bola voalaza amin'ny volavolan-dalàna dia tsy hahavita tanteraka ny asa fa misy ihany koa fanomezana avy amin'ny "Union Européenne" ho fanampiny.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

**FANONTANIANA**

- 1- Ankoatry ny PRIRTEM 1, mbola hisy ve ny PRIRTEM 2 sy 3?
- 2- Aiza ho aiza ny tetikasa SAHOVIKA fa miandry ny vahoaka?

**VALINY**

- 1- Mbola ho avy ny PRIRTEM 2 izay hampitohy an'Antananarivo sy Antsirabe fa mbola hoentina eto amin'ny Antenimierampirenena.  
Ny PRIRTEM 3 dia hampitohy an'Antetzezambato Fianarantsoa hankany amin'ny Faritra Atsimo.
- 2- Mbola tsy voasonia hatramin'ny farany ny tetikasa SAHOVIKA satria tohodrano lehibe izy io ka mety tsy ho vita ato ho ato.

**SOSO-KEVITRA:**

- Tokony hovitaina tsara ny tetikasa toy izao satria andaniana vola be sady ny angovo ihany koa no anisan'ny antoky ny fandrosoan'ny firenena.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory. Nankatoavin'ny Vaomiera mitambatra ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2020 tamin'ny faha-20 may 2020 « autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Energie Electrique à Madagascar PRIRTEM I, conclu le 06 février 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (BAD/FAD) » ka hoentina any amin'ny Fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 3 ora sy 45 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Rehefa tsy nisy nanana fanamarihana momba ny tatitra ny mpivory dia nomena an'Andriamatoa RAMAROLAHY Christian, Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'Afo, ny fitenenana mba hanazavany ny volavolan-dalàna.

Nambarany fa findramam-bola avy amin'ny BAD izay mitentina 49 499 289 000 Ariary no voalazan'ny volavolan-dalàna ary haverina ao anatin'ny 40 taona izany, ka ny "commission d'engagement" dia 0,5% isan-taona.

Manana tombony isika satria midadasika ny firenentsika, lalana no tadiavin'ny olona, ity kosa lalana hitondrana herinaratra. Izany hoe, "energie hydrolique" no tanjona hampiasaintsika. Toerana ahafahana misintona herinaratra lehibe no hatao. Raha lazaina tsotra, misy toerana manokana hakana izany herinaratra izany ary ao koa ny toerana izay hovatsiana. Miainga avy any Toamasina mankaty Antananarivo no hatao mialoha. Hotrandrahana Ivoloibe ka haporitaka amin'ny toerana maro izany vokatry izany.

Ratsamangaika roa no hamatsy vola ary eo koa ny Fiombonam-be Eoropeana. Mbola hiampy "systèmes" roa koa izany satria tsy ho lany izay "200MW" izay. Izany hoe sady mitarika "ligne autoroute" isika no mizara amin'ireo toerana manakaiky izany; ohatra: azo atao ny midina hatrany Fianarantsoa.

Rehefa tapitra ny fanazavana nomen'Andriamatoa Minisitra, niroso tamin'ny fandraisana fitenenana ny Solombavambahoaka.

Nanamarika, Andriamatoa FAMINDRA Justin, fa “ratification” ity ka holaniana. Notsindriany anefa fa tanàna faharoa lehibe indrindra eto amintsika i Toamasina kanefa andosiran'ny indostria satria lafo loatra ny vidin-jiro. Noho izany, tokony hatao mitovy ny vidin-jiro eto Madagasikara amin'izay ho mora ny fandaniana ity volavolan-dalàna ity.

Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred kosa nisaotra tamin'ny famelabelarana nataon'Andriamatoa Minisitra sady nanolotra sosokevitra amin'ny tokony hanasiana jiro ny làlam-pirenena satria tsy ahitana izany ireo toerana ireo. Tsy lany eto Antananarivo daholo ireo herinaratra ireo araka ny voalaza teo, koa amin'ny maha fanatsarana ny angovo, aleo izay no hatao. Manampy izany koa ny fanetsehana ny PME satria tapaka lava ny jiro ka miala ry zareo. Ny angovo no maha firenena ny firenena, ka ny famokarana izany no anisan'ny hampitombo ny famokarana.

Nanololo-kevitra amin'ny tokony hampiakarana ny tetibolan'ny Minisiteran'ny Angovo koa ny tenany teo ampamaranana ny teniny.

Nanamarika, Ramatoa BAOFENO Micheline, fa ity tetikasa PRIRTEM I dia hiainga avy any Toamasina mankaty Antananarivo; efa manana ny “canal de Pangalane” izahay, hoy izy koa maninona raha mba omena hazavana amin'ny alalan'izany sady amin'izay samy mitovy daholo.

Andriamatoa DINAH Romual kosa nilaza fa tsy tokony hisy olana ny famatsiana angovo eto amintsika; ny mpanjifa indray no sahirana amin'ny fampidiram-bola amin'ity sehatra iray ity. Nomarihany, fa tahaka an'i Maroantsetra dia mbola tsy tafiditra amin'ny “tarif 1” hatramin'izao. Tsy maharaka ny mpanjifa ity sehatra ity, antitra ny fotodrafitrasa ary angovo azo havaozina no tsapa fa mety any an-toerana; tapaka lava ny jiro, tsy zarizary ny asa vita. Ny eo tsy mandeha, ny sasany simba. Maro ny te-hanjifa saingy tsy mahazo izany. Tsara ny manamarika, fa tsy misy “compteur” any an-toerana sady lafo koa ny vidin-jiro hatramin'izao, ka tokony hojerena izay zavatra izay.

Hanatsara isika, hoy Andriamatoa MAMANGY Norbert, kanefa raha ny tsapa, ho an'Antananarivo ity zavatra ity, ny Solombavambahoaka avy eto indray no tsy hita. Noho izany, nitaona ny Solombavambahoakan'Antananarivo mba hitsangana ny tenenany.

Raha ity PRIRTEM ity, araka ny fanazavana teo dia miala any Toamasina mankaty Antananarivo; hiakatra noho izany ny “puissance” rehefa vita izany. “Réseau” koa no resahana ao anatiny ary handalo amin'ireo toerana betsaka olona izy; manoloana izany, ahoana ny “électrification rurale”. Raha any aminy manokana manana an'Andriamamovoka, koa maninona raha anaovana tetikasa mitovy amin'izao.

Nanamarika koa izy, fa mbola tsy nandeha ara-dalàna ny jiro ao Betafo hatramin'ny faha-26 Jona noho mankaty.

Andriamatoa PEPIN MICHOU indray nilaza fa tsy misy “poteaux” intsony Ankazoabo amin’izao fotoana izao. Tsy mandeha ny jiro sy ny rano any an-toerana amin’izao fotoana izao. Jereo ny Distrika Ambanivohitra fa mijaly raha izao no fandehany. Niangavy ny teknisiana koa mba handray finday rehefa antsoina izy ireo.

Rehefa izany, nanambara Andriamatoa Filoha, fa aleo aloha valiana ireo vao mitohy ny fametraham-panontaniana aorian’izay ary nomeny an’Andriamatoa Minisitry ny fitenenana hamaliany izany.

Nisaotra ny rehetra nametraka fanontaniana Andriamatoa RAMAROLAHY Christian, Minisitry ny Angovo sy ny Akoran’Afo ary nambarany fa raha azo atao ny niala vola am-paosy dia natao izany saingy tsy mety. Raha ny orinasa JIRAMA no asiana teny, tena mahamenatra tokoa ny zava-misy; kanefa izay no iainana ka atao ahoana. Minisitry ho an’i Madagasikara izahay, hoy izy, fa tsy an’olona iray. Atao ny ezaka rehetra hanaovana ny asa any amin’ny Distrika ary ny filazana ny zavatra miseho any no maha Solombavambahoakan’i Madagasikara anareo; lazao ny zava-misy.

Maro ny “éclairage publique” efa napetraka tany amin’ny Kaominina ary hatao izay hisitrahany ny Distrika rehetra eto amintsika an’izany alohan’ny faran’ny taona. Ho antsika rehetra no hanaovana azy ity sady hisitraka izany ny toerana lalovany, toy ny ao Brickaville. Fitohizan-draharaham-panjakana no ampiharina, ka izay tsara vitan’ny teo aloha, tohizana. Ho an’ny mpamatsy vola kosa, izay fomba hamerenana ny volany no tadiaviny fa tsy olona homena ny vola. Raha ny sitraponay, tarihinay hatrany Mananjary mihitsy ity tetikasa ity. Ny zavatra atao amin’izao aloha dia ny fitadiavana izay fomba tena hananana vidin’ny angovo amin’ny farany ambany. Izay no mety hampety kokoa ity tetikasa ity ary ny toerana rehetra tokony hahazo dia homena fotodrafitrasa kanefa nisy an’ity “covid-19” ity. Samy hisitraka daholo isika fa tsy eto Antananarivo ihany. Tetikasa efa nisy taloha ity, ka hotohizana ary ny fisian’ny “ligne de transmission” no ahafahana mitrandraka an’Ivolobe. Ohatra, any Antsiranana, raha “10MW” ve no ilainy dia homena “100MW” izy. Tsy mety izay sady misy kaonty atao ao anatin’ny zavatra hapetraka.

Momba ireo nitondra fitarainana teo, ohatra ao Ankazoabo: sahirana amin’ny hariva. Efa miresaka amin’ny mpamatsy vola isika izao ary hotohizana ny fametrahana “éclairage publique” satria miteraka tsy fandriampahalemana ny tsy fisian’izany. Miakatra koa ny toekarena rehefa misy hazavana.

Ho an’i Maroantsetra: misy zavatra tokony hatsaraina ao saingy ny “contrat” natao tamin’ny mpamatsy vola no somary lafolafo ny vidiny. Ny IDELEC no hanao azy; efa miresaka aminy izahay amin’izao fotoana izao.

Raha misy zavatra tokony hovitain’ny Tale Jeneralin’ny JIRAMA, aleo manatona azy, amin’izay tsy miampita ny resaka satria mitady lalana hantsarana ny angovo no tena andraikitra ny Minisitry.

Betsaka ny adidy sahanina; koa miala tsiny amin’ny Solombavambahoaka raha tsy voaray ianareo rehefa miantso.



Taorian'izay, nomena fitenenana indray ny Solombavambahoaka.

Nitondra fisaorana tamin'ny fahazoana jiro tany aminy, Andriamatoa RAHOLJAONA Harson saingy tsy mbola ampy izany. Betsaka ny mpanjifa vaovao any amin'ny Distrikanany kanefa nangataka izy mba tsy hamaliana izany androany, fa aleo mifanatona.

Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery indray nanamafy, fa hatramin'izao tsy nisy tetikasa vita tany aminy kanefa efa nanaovana fidinana ifotony. Inona no antony.

Nanao satroka Andriamatoa MAMANGY Norbert, fa lasa mivaona ny resaka miseho eto. Tsy mikasika ny volavolan-dalàna intsony no mitranga. Efa nandalo teto ny Minisitry rehetra ka tamin'izany no tokony natao ny fangatahana. Aleo manokana fotoana ny Minisitry handraisana ny olom-boafidy.

Nanamafy ny voalazany koa , Andriamatoa RAKOTONDROSOA Fetra.

Nangataka ny hampidirana jiro amin'ny biraon'ny CISCO, Zandary ary ny Minisitry an'ny Mponina ao amin'ny Kaominina iray any aminy kosa Ramatoa VOAHANGINIRINAZAFIMANDIMBY Marie Laurette.

Rehefa tsy nisy nanan-kolazaina intsony, nanambara Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Nomarihany, fa ahitana andininy miisa 2 ity volavolan-dalàna ity ary ny andininy faha-163 ao amin'ny Fanapahana laharana faha-67-AN/P no ampiharina amin'ny fandaniana azy. Tsy azo kitihana ireo andininy ireo, fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandaniana azy.

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 50 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2020 tamin'ny tamin'ny faha-20 Mey 2020 "autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement partiel du PRIRTEM I, conclu le 06 février 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (BAD/FAD).

Rehefa izany, nomena an'Andriamatoa RAMAROLAHY Christian, Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'Afo ny fitenenana raha misy tiany hambara.

Nambarany fa araka ny voalaza teo, hiasa ho an'i Madagasikara ny Governemanta. Haparitaka any amin'ny Solombavambahoaka ny "video" satria any daholo no ahitana ny toerana hiasana mandrapahatongan'ny taona 2023.

Ny zava-misy amin'izao dia ny antsoina hoe: "continuité de l'Etat" na ny fitohizandraharam-panjakana. Izany hoe, ny zavatra tsara teo aloha, tohizana hatrany. Mety tsy

nisy ny “appel d’offres”, tsy maintsy najanona na sehatra tsy miankina aza no nanao izany. Matoa koa tsy nitovy ny tetikasa, nisy olana tao.

Izay no fomba fiasa: izay tsara tohizana; ka ho an’Isandra manokana; hisy ny “hybridation” hatao kanefa ny “covid-19” mbola manao ny ataony. Noho izany, tsy maintsy miandry aloha.

Ny tanjona amin’ny tetikasa toy izao dia ny hamokarana herinaratra avy amin’ny rano ary hitarihana izany araka izay tratra. Ao anatin’izay anefa mila fahamailoana satria sao mijanona tampoka ny rano ka hijanona eny an-dalana koa ny tetikasa.

Raha ny vinavina, tokony hahazo ny anjarany daholo amin’ny resaka “éclairage publique” ny lalam-pirenena rehetra. Amin’izay fotoana izay, hitombo ny toekarena ary amin’ny faran’ny taona no tokony hipetraka any amin’ny Distrika rehetra izany.

Fisaorana ny Solombavambahoaka tamin’ny nandaniany ny volavolan-dalàna no namaran’Andriamatoa Minisitra ny teniny.

Rehefa izany, niroso tamin’ny fandinihana ny volavolan-dalàna laharana faha-007/2020 tamin’ny 20 Mey 2020 “autorisant la ratification de l’accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d’Interconnexion des Réseaux de Transport d’Energie Electrique à Madagascar PRIRTEM I, conclu le 6 Février 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (agissant au titre d’administrateurs de la Facilité d’Appui à la Transition « BAD/FAT ») ny mpivory.

Niangavy ny Mpampakatenin’ny Vaomiera mba hamaky ny tatitra momba izany, Andriamatoa Filoha, taorian’izay.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, hatrany no nanao izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Talata faha-23 Jona 2020 tamin’ny 3 ora sy 45 minitra, tolak’andro, ny Vaomiera mitambatra nahitana ny Vaomieran’ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola sy ny Vaomieran’ny Angovo sy ny Rano, nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-007/2020 tamin’ny faha-20 Mey 2020 « autorisant la ratification de l’Accord de prêt relatif au financement partiel de la phase I du Projet de Renforcement et d’Interconnexion des Réseaux de Transport d’Energie Electrique à Madagascar PRIRTEM I, conclu le 06 février 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement agissant à titre d’administrateurs de la Facilité d’Appui à la Transition (BAD/FAT) ».

Andriamatoa ANDRIAMISASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan’ny Vaomieran’ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nanatrika ny fivoriana:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- 1.ANDRIAMISASOA Doda Nirimboavonjy
- 2.ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
- 3.HENRI Jean Michel
- 4.RAFIDIMANANA Narson
- 5.RAKOTOARISOA Johnny
- 6.ANDRIANAMBININA Djohary Lee
- 7.RAVONTY Tam-Téon Luc
- 8.TSARADIA Marco
- 9.RANDRIAMANAMPISOA Alfred
- 10.ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
- 11.RAZARA Pierre Fidèle
- 12.CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot
- 13.RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
- 14.RAHERIARIJAONA Régina Clarisse

Ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Angovo sy ny Rano:  
Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- 1.RATSIMANDRIONA Aïda Hardy
- 2.RAJAOBELINA Lova Herizo
- 3.RAKOTOMANANA Miarintsoa A.
- 4.RAKOTOMALALA Lucien
- 5.DONOVAN Jimmy
- 6.FIAROVANA Lovanirina C.
- 7.VOLAHAINGO Marie Thérèse

Ireto avy ireo teknisiana tonga nisolotena ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- |                                  |             |
|----------------------------------|-------------|
| 1- RANJALAHY Ihaja               | DG Trésor   |
| 2- ANDRIAMANANTSILAVO Mampionona | DGT/DOF     |
| 3- RAKOTOARIMANANA Njaka         | DGT/DOF/SIF |
| 4- RANDRIANJANAKA Dina           | DGT/DOF/SIF |
| 5- RATSIMANDRESY Faly            | DGT/DOF/SIF |
| 6- RABENANDRASANA Henri          | DPO/JIRAMA  |
| 7- ANDRIAMANGA Tsirimiarantsoa   | DAE/MEAH    |
| 8- RABESEHENOARISON Julien Simon | DP/JIRAMA   |
| 9- RANDRIANJANAKA Volatantely    | DDP/MEF     |
| 10- RANJEVASOA Mbolatiana        | CE/SG/MEF   |
| 11- ANDRIAMPARANY Stéphanie      | CE/SG/MEF   |
| 12- RAMAROSANDRATANA Rija        | DG/MEAH     |
| 13- RAMAROSON Andry              | DG/MEH      |

14- RABENJA Serge	DPEBIO/DG/MEH
15- ANDRIANASOLO Miche I	DAJ/MEH
16- ANDRIANJAZA Harimbolatiana	MEF/DGT/DDP/SADE
17- RAHARIMANANA Dominique	MEF/DGT/DDP
18- RAJAONA Ambinintsoa Nomenjanahary	MEF/DGT/DDP

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisianina ny fitenenana mba hanazavany ny antonantony mahakasika ny Volavolan-dalàna.

Nambaran'Andriamatoa Tale Jeneralin'ny Angovo sy ny Akoran'Afo, fa mikasika ny Angovo manokana dia manana olana telo goavana: voalohany, tsy ampy ny vokatry, faharoa lafo ny vokatry ary fahatelo efa antitra ny fotodrafitrasa misy eto amintsika. Izany no antony angatahana ny fankatoavana ity Volavolan-dalàna ity mba hamahana ny olana amin'ny ankapobeny.

Ity fampindramam-bola ity dia mitentina 18 170 000 UC na 25 438 000 dolara Amerikana na 93 439 115 980 MGA izay averina ao anatin'ny 40 taona, ka ny 10 taona voalohany dia tsy andoavana renivola. Ahitana "commission d'engagement" mitentina 0,50% isan-taona amin'ny vola tsy mbola nampiasaina ary "commission de service" mitentina 0,75% isan-taona amin'ny vola nampiasaina fa tsy mbola voaverina.

Ny PRIRTEM I dia natao hanamafisana sy hanitarana ny tambazotran'ny herinaratra avy eto Antananarivo mankany Toamasina izay mahatratra 120 MW, hatao amin'izany ny fanitarana ny fitsinjarana herinaratra izay miainga avy ao Antsampanana sy Ambohibary ka hamatsiana Kaominina telo dia Morarano Gara sy Antsampanana ary Brickaville.

Efa antitra ny fotodrafitrasa ao Andekaleka sy Mandraka ka mila fanavaozana ihany koa. Ny fanamboarana io "ligne de transmission" io dia hamaha ny olana amin'ny fitondrana herinaratra ary afaka handray koa herinaratra avy amin'ny herin'ny masoandro.

Ny sora-bola voalaza amin'ny Volavolan-dalàna dia tsy hahavita tanteraka ny asa fa misy ihany koa fanomezana avy amin'ny "Union Européenne" ho fanampiny.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory. Nankatoavin'ny Vaomiera mitambatra ny Volavolan-dalàna laharana faha-007/2020 tamin'ny faha-20 may 2020 « autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement partiel de la phase I du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Energie Electrique à Madagascar PRIRTEM I, conclu le 06 février 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition (BAD/FAT) », ka hoentina any amin'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 4 ora, tolok'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Rehefa vita ny famakiany ny tatitra, nanao fanamarihana ny tenany, fa izay izy vao nahita Minisitry nilaza hoe: “continuité de l’Etat” amin’ny fanohizana ireo tetikasa teo aloha.

Nanao fanamarihana momba ny tsy nahitana ny anaran’izy ireo tao amin’ny tatitra Andriamatoa isany: RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta sy RANDRIAMANAMPISOA Alfred.

Nomena fitenenana, RAMAROLAHY Christian, Minisitry ny Angovo sy ny Akoran’Afo, taorian’izay ary nambarany tamin’izany fa ny BAD no namatsy vola an’ity tetikasa ity, nanampy azy tamin’izany ny FAT. Izany hoe roa no mpamatsy vola ary tohin’ny tetikasa teo aloha ihany izy ity.

Mitovy ny volazan’ny tatitra, fa ny nomarihany dia ny fitohizan’ny tetikasa teo aloha ihany; koa mitaona ny Solombavambahoaka handany azy, toy ny teo aloha.

Tsy nisy nanan-kolazaina ny Solombavambahoaka tamin’ny adihevitra ankapobeny, koa avy hatrany dia niroso tamin’ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Talohan’izay, nambaran’Andriamatoa Filoha, fa ahitana andininy miisa 2 ity volavolan-dalàna ity ary ny andininy faha-163 ao amin’ny Fanapahana laharana faha-67-AN/P no ampiharina amin’ny fandaniana azy. Tsy azo kitihana ireo andininy ireo, fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandaniana azy.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 50 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran’Andriamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-007/2020 tamin’ny 20 Mey 2020 “autorisant la ratification de l’accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d’Interconnexion des Réseaux de Transport d’Energie Electrique à Madagascar PRIRTEM I, conclu le 6 Février 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Africain de Développement et le Fonds Africain de Développement (agissant au titre d’administrateurs de la Facilité d’Appui à la Transition « BAD/FAT »).

Rehefa nomena fitenenana, RAMAROLAHY Christian, Minisitry ny Angovo sy ny Akoran’Afo, nambarany fa ny vahoaka Malagasy no faly amin’ny fahalanian’izao volavolan-dalàna izao koa mankasitraka ny Solombavambahoaka tamin’ny andraikitra izay noraisiny.

Fisaorana ny Solombavambahoaka rehetra no namaranany ny teniny sady nisaotra an’Andriamatoa Filoha koa izy.

Taorian’izay, niroso tamin’ny famakiana ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-008/2020 tamin’ny 20 Mey 2020 « autorisant la ratification de l’accord de prêt relatif au financement du Projet JIRAMA WATER III, conclu le 09 Décembre 2019 entre la République de Madagascar et la Banque Européenne d’Investissement (BEI) ».

Mbola Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson hatrany no nanatanteraka izany.

Nivory ny Talata faha-23 Jona 2020 tamin'ny 4 ora, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Angovo sy ny Rano nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-008/2020 tamin'ny faha-20 Mey 2020 « autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement du Projet JIRAMA WATER III, conclu le 09 Décembre 2019 entre la République de Madagascar et la Banque Européenne d'Investissement (BEI) ».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nanatrika ny fivoriana:

Ramatoa sy Andriatoa isany,

1. ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
2. ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
3. HENRI Jean Michel
4. RAFIDIMANANA Narson
5. RAKOTOARISOA Johnny
6. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
7. RAVONTY Tam-Téon Luc
8. TSARADIA Marco
9. RANDRIAMANAMPISOA Alfred
10. ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
11. RAZARA Pierre Fidèle
12. CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot
13. RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
14. RAHERIARIJAONA Régina Clarisse

Ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Angovo sy ny Rano:  
Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. RATSIMANDRIONA Aïda Hardy
2. RAJAABELINA Lova Herizo
3. RAKOTOMANANA Miarintsoa A.
4. RAKOTOMALALA Lucien
5. DONOVAN Jimmy
6. FIAROVANA Lovanirina C.
7. VOLAHAINGO Marie Thérèse

Ireto avy ireo teknisiana tonga nisilotena ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- |                                  |             |
|----------------------------------|-------------|
| 1- RANJALAHY Ihaja               | DG Trésor   |
| 2- ANDRIAMANANTSILAVO Mampionona | DGT/DOF     |
| 3- RAKOTOARIMANANA Njaka         | DGT/DOF/SIF |

4- RANDRIANJANAKA Dina	DGT/DOF/SIF
5- RATSIMANDRESY Faly	DGT/DOF/SIF
6- RABENANDRASANA Henri	DPO/JIRAMA
7- ANDRIAMANGA Tsirimiarantsoa	DAE/MEAH
8- RABESEHENOARISON Julien Simon	DP/JIRAMA
9- RANDRIANJANAKA Volatantely	DDP/MEF
10- RANJEVASOA Mbolatiana	CE/SG/MEF
11- ANDRIAMPARANY Stéphanie	CE/SG/MEF
12- RAMAROSANDRATANA Rija	DG/MEAH
13- RAMAROSON Andry	DG/MEH
14- RABENJA Serge	DPEBIO/DG/MEH
15- ANDRIANASOLO Michel	DAJ/MEH
16- ANDRIANJAZA Harimbolatiana	MEF/DGT/DDP/SADE
17- RAHARIMANANA Dominique	MEF/DGT/DDP
18- RAJAONA Ambinintsoa Nomenjanahary	MEF/DGT/DDP

Rehefa avy nirahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana mba hanazavany ny antonantony mikasika ny volavolan-dalàna.

Nambaran’Atoa Tale Jeneraly fa ity Volavolan-dalàna ity dia fanatsarana ny famatsian-drano eto Antananarivo. Mitombo ny isan’ny mponina ka vokatr’izany dia mitombo ihany koa ny filàna rano. Ny fanamboarana fotodrafitrasa goavana dia tsy nisy taorian’ny taona 1993. Eo amin’ny 3 hetsy m<sup>3</sup> no filàn’ny mponina isan’andro kanefa 2 hetsy m<sup>3</sup> fotsiny no vokarina. Izany hoe misy 1 hetsy m<sup>3</sup> banga isan’andro. Izany no antony nanaovana ity tetikasa ity mba hanavaozana ny fotodrafitrasa sy hampitomboana ny famokarana rano. Anisan’izany ny fanavaozana sy fampitomboana ny fantsona sy siniben-drano.

Ny “Banque Européenne d’Investissement (BEI) no mpamatsy vola; misy koa fanampian’ny “Union Européenne” sy ny ONG Water & “Sanitation for the Urban Poor”.

Ity fampindramam-bola ity dia mitentina 35 000 000 EUR na 140 327 950 000 MGA izay averina ao anatin’ny 25 taona, ka ny 6 taona voalohany dia tsy handoavana renivola.

Ny zana-bola dia miovaova ka eo amin’ny 1,6% miampy ny saram-pitantanana ka mahatratra 2% eo ho eo izany ny fitambarany, azo lazaina fa “concessionnel” tokoa ny fampindramam-bolan’ny BEI.

Mpamatsy vola maromaro no mifarimbona amin’ity tetikasa ity: ao ny fampindramam-bola ary fanomezana ny ambiny:

- BEI : 35 millions EUR
- UE : 29,3 millions EUR
- ONG : 2,5 millions EUR
- Fanjakana Malagasy : 6,5 millions EUR

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fametrahan-panontaniana ny Solombavambahoaka:

1. Volabe ity indramina ity ary ny vahoaka no handoa izany, nahoana no mbola vidiana ny rano?
2. Raha atambatra ireo famatsiam-bola azo ireo dia mety ho latsaky ny 1% ve ny tahan'ny zana-bola?
3. Antananarivo Renivohitra ihany ve no voakasik'ity tetikasa ity?
4. Azo faritana ve ny fomba hampiasana ny vola?
5. Misy koa ve tetikasa hatao any amin'ny Faritra hafa, efa mijery famatsiam-bola ho amin'izany ve ny Minisitara?
6. Azo hafainganina ve ny fanatanterahana ny asa ("appel d'offres international" ...) mba hisitrahana haingana ny vokatry ny tetikasa?

Toy izao ny valim-panontaniana nomen'ny teknisiana:

1. Ity famatsiam-bola ity dia hanamboarana ny fotodrafitrasan'ny JIRAMA. Voalaza ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny rano fa tsy vidiana ny rano fa ny fikarakarana ny famokarana azy no andoavan'ny mpanjifa sarany.
2. Mitotaly "73,3 Millions d'Euros" ny famatsiam-bola. Misy amin'io vola io no fanomezana fa ny "35 Millions d'Euros" no vola averina izany hoe 1,6% ny tahan'ny zana-bola aloa miampy ny "marge". Raha tena dinihana izany dia 0,9% ny zana-bola aloha amin'ny trosa.
3. Voakasik'ity tetikasa ity avokoa Antananarivo Avaradrano sy Atsimondrano.
4. Hatao amin'ny tetikasa ny:
  - fametrahana toby fanadiovana rano eny Ambohijanaka, Ankadindratombo, Alasora ary fanampiana ny eny Mandroseza;
  - fanavaozana sy fametrahana fantsona vaovao 78km ny halavany ary eo anelanelan'ny 60mm hatramin'ny 600mm ny savaivony;
  - fanamboarana siniben-drano miisa 5;
  - fametrahana sy fanavaozana milina fampiakaran-drano;
  - fanitarana ny tambajotra fizarana rano amin'ny trano sy paompy samihafa izay mitotaly 105km ka eo anelanelan'ny 100mm hatramin'ny 500mm ny savaivony;
  - "branchements" miisa 5 000;
  - Paompy vaovao miisa 400;
  - "télé-gestion": fibaikoana sy fanarahamaso ampitain-davitra amin'ny tambajotra;
  - fividianana kaontera hanoloana ny antitra sy "branchement" vaovao;
  - fampiofanana amin'ny fiadiana amin'ny rano very;
  - fampiofanana ny teknisiana ao amin'ny JIRAMA....
5. Efa misy ny ezaka famolavolana tetikasa iarahana amin'ny Banky Iraisam-pirenena hatao any Toliary, Antsiranana, Nosy Be, Sainte Marie, "Grand Sud" (Androy, Anosy). Ny tetikasa hatao any Fianarantsoa dia hiarahana amin'ny Frantsay. Mitohy ny fitadiavana tetikasa mba hahazoana rano eran'i Madagasikara.
6. Efa ela no niandrasana ity famatsiam-bola ity ka efa nisy "procédure" natomboky ny teknisiana fa miandry ny mpamatsy vola sisa ny fanatanterahana azy.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory. Nankatoavin'ny Vaomiera mitambatra ny Volavolan-dalàna laharana faha-008/2020 tamin'ny faha-20 Mey 2020 « autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement du Projet JIRAMA



WATER III, conclu le 09 Décembre 2019 entre la République de Madagascar et la Banque Européenne d'Investissement (BEI) », ka hoentina any amin'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 4 ora 30 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fanamarihana momba ny tatitra ny mpivory.

Nanambara Ramatoa RAHERIARIJAONA Régina Clarisse, fa ao amin'ny pejy faha-4 dia misy diso tsipelina.

Nanamafy izany Ramatoa RAKOTOVELOMANANTSOA Voahary, fa Ambohitrimanjaka tokoa no izy.

Rehefa izany, nomena fitenenana hanazava ny volavolan-dalàna ny tenany. Nambarany fa mitentina "35 Millions d'Euros" na 140 327 950 000 Ariary ity famatsiam-bola ity ary "Banque Européenne d'Investissement" na ny BEI no mamatsy vola ny tetikasa. Ao anatin'ny 25 taona no hemerenana ny vola.

Raha ny JIRAMA no resahana, 1200 km no halavan'ny "réseau" eto Antananarivo. Nanomboka tamin'ny taona 2004, 10km monja no nanaovana fanarenana na "réhabilitation". Manomboka amin'ity taona ity kosa, 100Km no hatao. Mino izahay fa hitondra fanavaozana izany rehefa tanteraka. Raha ny tahirin-drano na "reserve" ao Mandrozeza indray, mbola manana eo amin'ny 400 000 m<sup>3</sup> isika amin'izao fotoana izao.

Harenina amin'ny alalan'ity famatsiam-bola ity ny fotodrafitrasa vaventy sy ny fampidirana rano fisotro hataon'ny JIRAMA, ka ny Minisitera no hiahny ny fanatontosana izany rehefa azo ny famatsiam-bola izay hataony. Indroa amby folo mandrotsaka no hanomezan'ny BEI izany ary efa misy ny fijerena mialoha ireo toerana hanorenana ny fotodrafitrasa.

Hitondra fanatsarana amin'ny famatsian-drano eto amintsika ity famatsiam-bola ity. Koa mitaona anareo Solombavambahoaka mba handany azy satria fanavaozana lehibe no hoentiny ho antsika raha lany soa aman-tsara izy ity.

Fisaorana tamin'ny fanazavana fohy nentiny no namaranany ny teniny.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiditra amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory. Tsy nisy nanan-kambara anefa ny Solombavambahoaka ka niroso avy hatrany tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Nohamafisin'Andriamatoa Filoha, fa ahitana andininy miisa 2 ity volavolan-dalàna ity ary ny andininy faha-163 ao amin'ny Fanapahana laharana faha-67-AN/P no ampiharina amin'ny fandaniazany azy. Tsy azo kitihana ireo andininy ireo, fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandaniazany azy.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 51 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-008/2020 tamin'ny 20 Mey 2020 « autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet JIRAMA WATER III, conclu le 09 Décembre 2019 entre la République de Madagascar et la Banque Européenne d'Investissement (BEI) ».

Raha nomena fitenenana, Ramatoa Minisitra, fisaorana ny Solombavambahoaka no natolony noho ny fandaniana ny volavolan-dalàna ho famatsiam-bola ny JIRAMA amin'ny resaka tetikasa « WATER III ». Nirary ny hitohizan'ny fiaraha-miasa amin'ny roa tonta ihany koa ny tenany.

Taorian'izay, niroso avy hatrany tamin'ny fandinihana ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-03-2020/PR « portant création d'une commission d'enquête parlementaire sur les activités des dahalo dans le District de Morombe, présenté par le Député RAKOTOMALALA Lucien et consorts » ny mpivory.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakateny mba hamaky ny tatitra momba ny Tolo-pehin-kevitra, Andriamatoa Filoha. Nanatanteraka izany Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa, ka toy izao izany:

Nivory ny Talata faha-23 Jona tamin'ny 10 ora sy 20 minitra, maraina, ny Vaomiera mitambatra, nahitana ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, ny Vaomieran'ny Lalàna, ny Vaomieran'ny Filaminam-bahoaka ary ny Vaomieran'ny Fiarovam-pirenena nandinika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-03-2020/PR « portant création d'une commission d'enquête parlementaire sur les activités des DAHALO dans le District de Morombe », atolotry ny Solombavambahoaka RAKOTOMALALA Lucien sy ireo mpiara-dia aminy.

Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa, Filohan'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomiera nanatrika ny fivoriana:

Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana,  
Andriamatoa sy Ramatoa isany:

1. RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
2. RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta
3. MBADE Jeannine Gabriel
4. RAKOTONDRAVOAVY Andrianjafinjanakolona Andriniaina
5. DONOVAN Jimmy

Vaomieran'ny Filaminam-bahoaka sy ny Vaomieran'ny Fiarovam-pirenena,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. RAKOTOMALALA Lucien
2. VOAHANGINIRINAZAFIMANDIMBY Marie Laurette
3. RANDRIANARISON Temis Togle
4. RAMAHANDRISOA Edu Edmond
5. RAKOTOARIMANANA Patrice

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. TSABOTOKAY Honoré
2. TSARADIA Marco
3. RAKOTONDRAISOA Fetra
4. VELONTSARA Paul Bert
5. RABEKIJANA Solofohery

Ireto avy ireo teknisiana nisolotena ny Governemanta,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- |                                    |                              |
|------------------------------------|------------------------------|
| 1. RAKOTONIRINA                    | DIRCAB du MID                |
| 2. RASOLOMAHOLY Rakotozanany       | SG du MID                    |
| 3. RASOLONDRABENY Alain            | DAGOSP/MID                   |
| 4. RALIMANANA Diadème              | Min Jus                      |
| 5. RANDRIANARISOA Henintsoa        | Min Jus                      |
| 6. RANDRIANIRINA Manahy            | CCP                          |
| 7. RANDRIANANJOANIMANANA Georges J | Contrôleur Général de Police |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia nomeny an'Andriamatoa RAKOTOMALALA Lucien avy hatrany ny fitenenana mba hitondrany fanazavana bebe kokoa mikasika ny Tolo-pehin-kevitra izay natolony.

Ny mahakasika ny tsy fandriampahalemana ao amin'ny Disitrikan'i Morombe, hoy ity farany no tena votoatin'ity Tolo-pehin-kevitra ity. Ny Lalàmpanorenana dia milaza, fa ny fanjakana no miantoka ny fiarovana ny vahoaka sy ny fananany kanefa tamin'ny taona 2005 sy 2007 dia nisy dahalo antsoina hoe JAONARY, izay niara-niasa tamin'ireo tomponandraiki-panjakana (Zandary, Polisy, Fitsarana sns...), ka nampirongatra ny tsy fandriampahalemana tany amin'iny Faritra misy an'i Morombe iny.

Sarotra araka izany ny fanenjehana azy ka lasa nibahan-toerana avy hatrany ny « culture d'impunité ». Tamin'ny taona 1980 ka hatramin'ny taona 1982 dia efa nisazy io JAONARY io noho ny vono olona efa vitany kanefa taty ivelan'ny fonja izy no nanatanteraka ny saziny. Tafiditra amin'ny asa ratsiny io ihany koa ny fianakaviany, ka zary lasa « culture d'impunité familiale » mihitsy ny zava-misy.

Anisan'ny heloka tena nibaribary nataony ary nahazoana fitarainana vao haingana ny mikasika ny vono olona tamin'ny taona 2012. Nalain'izy ireo ankeriny ireo olona ireo ary

nentin'i JAONARY sy ny namany teny amin'ny mpitandrofilaminana izay nitoby 50 Km miala ny tanàna misy azy, kanefa misy tobin'ny Zandary miasa 5Km eo akaiky eo. Marihana fa maty tsy lavitra ny tanàna nitazonana azy ireo olona ireo iray andro taorian'ny nahatongavany tao amin'ny tobin'ny Zandary, ka ny mpitandrofilaminana ihany no nampandre ny Fokonolona hoe: dahalo ireo maty ireo. Tsy ny famonoana olona ihany no asa ratsy nataon'i JAONARY, fa ao koa ny fividianana omby halatra. Raha voasambotra tamin'izany izy, roa volana ihany farafahelany dia tafavoaka ny fonja. Tsy azo idirana koa ny tanin'ombiny noho io asa ratsy izay ataony io ary porofon'izany, ireo zaza nitondra bisikileta nandalo tao amin'ny tanin'ombiny izay maty notifiriny, fa ny iray kosa tafaporitsaka. Mbola anisan'ny asa ratsy nahavoatonotonona an'i JAONARY ihany koa ny resaka halatra maso izay mirongatra amin'iny Faritra iny ankehitriny sy ny heloka maro tsy voatanisa. Ny fidinana any an-toerana arak'izany no tena hahatsapana marina ny hamafin'ny zava-misy marina iainan'ny vahoaka ary koa ny hahafantarana raha misy tsikombakomba amin'ireo tomponandraiki-panjakana io jiolahy io na tsia.

Izao Tolo-pehin-kevitra izao ihany koa dia mampahatsiahy ny zava-niseho tamin'ny taona 2019 lasa teo.

Nisy hetsika nataon'ny Andiany ZRPS na “Zones Rurales Prioritaires de Sécurité” niarahana notanterahana tamin'ny DINABE, izay nahazo ny “homologation” tamin'ny Fitsarana tamin'ny taona 2016 rehefa avy nandalo teo anivon'ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, noho izy ireo nahafantatra mazava tsara ny zava-nisy marina tany an-toerana. Anisan'ny asa natao tamin'izany ny fisavana ny bokin'omby tany an-toerana, ka izay omby nazava ny taratasy dia naverina tamin'ny tompony, fa ny tsy nazava kosa nampidirina “fourrière”. Lasa nandositra anefa i JAONARY rehefa natao ny fisavana ny bokin'ombiny. Marihana fa nahitana omby halatra tao amin'ny valan'ombin'i JAONARY tamin'io fotoana io. Noho izay fitsoahana izay dia voatery nogiazan'ny mpitandrofilaminana dahalo ny omby tao amin'ny valany.

Tamin'izany no nanandraman'ireto farany nanao kolikoly tamin'ny Solombavambahoaka lany tao amin'ny Distrikan'i Morombe mba hanaovana “intervention” hamerenana ireo omby kanefa nandà ity farany. Nanandrana nanao izany fomba mamoehatra izany ihany koa izy tany amin'ny Solombavambahoaka lany tao amin'ny Distrikan'i Betioky, nandà koa anefa ity farany. Marihana fa 60 Tapitrisa Ariary no sandan'izany “intervention” izany.

Nohamafisin'ny Praiminisitra nandritry ny fandalovany tany an-toerana ny hampidirana “fourrière” ny omby halatra rehetra na an'iza io na an'iza ary tsy ananana fandeferana. Nilaza ihany koa izy fa ny fisavana sy ny fampitahana ny bokin'omby dia tsy maintsy atao miaraka amin'ireo DINABE, ny Fokonolona ary ny ZRPS, fa tsy ankinina amin'ireo Mpitsara sy ny Zandary irery ihany.

Nandritra ny fisavana sy fampitahana bokin'omby izay natao ny faha-12 Novambra 2019 no nahatratrarana ny ombin'Andriamatoa RENGORA avy any Toliara II tamin'ireo omby nogiazana ireo. Teo dia natao ny kabary dina izay natrehan'ny vadin'i JAONARY sy ny fianakaviany, fa ny tenany kosa tsy hita fa nandositra araka ny voalaza teo aloha. Rehefa nahatsapa anefa fa resy tamin'ny kabary dina izay natao ny fianakavian'i JAONARY dia navelan'ireto farany teo Antanimeva ny fiara roa nentin'izy ireo, ka ny DINABE sy ny

Miaramila ZRPS tao an-toerana no nanao ny fiambenana izany. Taorian'izay dia tonga teto Antananarivo ny fianakavian'i JAONARY nitety haino aman-jery nanala baraka ny solotenam-panjakana rehetra, ny ZRPS ary ny DINABE tany an-toerana.

Nitory tany amin'ny Fitsarana tao Morombe ihany koa ny vadin'i JAONARY, ka namoaka didy ny Fitsarana tany an-toerana, fa foana daholo ny kabary dina izay natao, averina ny omby izay nomena an'Andriamatoa RENGORA, nampandoavina onitra vola mitentina 80 Tapitrisa Ariary tsirairay avy ireo solotenam-panjakana tany an-toerana, ka tao anatin'izany ny Lehiben'ny Distrika, ny "Délégué"-mpanjakana, ny Ben'ny Tanàna, ny Filoham-pokontany. Terena handoa onitra vola mitentina 27 Tapitrisa Ariary tsirairay avy koa ireo Miaramila miisa sivy (09) lahy ZRPS miaraka amin'ny Kapiteny mpitarika sy ny DINABE ho solon'ny fanonerana ny banga tamin'ny fiara roa izay navelan'izy ireo.

Noho izany rehetra izany no antony nanaovana ity Tolo-pehin-kevitra ity, ho fanokafana famotorana "enquête parlementaire" izay hatao any amin'ny Distrikan'i Morombe, mba hahafantarana ny zavatra tena misy marina any an-toerana momba io raharaha JAONARY io.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

**FANONTANIANA:**

Inona marina no famotorana hatao any amin'ny Distrikan'i Morombe?

**VALINY:**

Ny famotorana izay hatao dia hanadihady ny tena fisian'ny tsy maty manota sy hijery akaiky ny fisian'ireo tomponandraikitra mifandray tendro amin'ireo jiolahy ary hanamarina ny fisehon'ny kolikoly, ka hampahafantarina ny vahoaka izany.

Toy izao kosa ny fanamarihana sy sosokevitra avy tamin'ny mpivory.

**FANAMARIHANA SY SOSOKEVITRA:**

1. - Tsara tohanana izao Tolo-pehin-kevitra izao satria alahelom-bahoaka no hovahana. Ny fisian'ny tsy maty manota toy ny voalaza teo aloha dia miteraka olana eo amin'ireo mpanatanteraka sy ny olom-boafidy ary manaratsy endrika ny Fanjakana.
2. - Tsara ny hankatoavana ity Tolo-pehin-kevitra ity satria anisan'ny manana fahefana hanatanteraka izany ny Solombavambahoaka ary hahafantarana ny marina ihany koa sy hanajana ny fampiharana ny lalàna.
3. - Anisan'ny fototra iray iorenan'ny filaminam-bahoaka ny Dinabe, ankehitriny dia miova io rafitra io, ka miteraka tsy fandriampahalemana. Noho izany, tokony hankatoavina ny fananganana ny vaomiera mpanao famotorana ho an'ity Tolo-pehin-kevitra ity, mba ho famerenan-kasina izany.
4. - Anisan'ny velirano nataon'ny Filohampirenena ary efa nanomezany fitaovana ny hamongorana ny tsy fandriampahalemana ao anatin'ny fotoana fohy, ka tsy azo ekena intsony ny maheno hoe: misy olona mifandray amin'ny mpitondra fanjakana ka tsy azo enjehina kanefa fototra iorenan'ny tsy fandriampahalemana izany.
5. - Tsy azo ampiharina ny Dina raha tsy nahazo fankatoavana avy amin'ny Fitsarana, tsy azo atao ihany koa ny manafoana ny zavatra efa vitany rehefa ara-dalàna ny fisiany.

Marihana fa ny olona iharan'ny Dina (Fokonolona) dia tsy meloka eo anivon'ny Fitsarana.

6. - Tsapa tokoa fa misy tsy fanarahan-dalàna hita any Morombe, ka naneho ny fahavononany ny Minisiteran'ny Fitsarana hiara-hisalahy amin'ny Solombavambahoaka mikasika io raharaha io.
7. - Efa mandalo fitsarana daholo ireo antontan-taratasin'ady ireo raha ny fahitana azy, ka tsara raha soloana ho “démantèlement des réseaux de corruption” izay mbola tsy misy antontan-taratasy eny amin'ny Fitsarana ny votoatin'ity Tolo-pehin-kevitra ity satria io vesatra io no mbola eny amin'ny Fitsarana. Tokony hasiana fanovàna mifandraika amin'izany ity Tolo-pehin-kevitra ity. Izany ihany koa dia natao hoentina manaja ny voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.
8. - Ny lalàna mahakasika ny Dina dia tsy ahitana “sanction pénale”, fa “réparations civiles” ihany.
9. - Nandroso sosokevitra entina hanatsarana ny Tolo-pehin-kevitra ny mpivory izay mifantoka amin'ny fampahatsiahivana izay voafaritry ny lalàna mikasika ny vaomiera mpanadihady sy ny hiompanan'ny raharaha hijerena kokoa eo amin'ny lafiny kolikoly.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandaniana ny Tolo-pehin-kevitra ny mpivory.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany dia nolanian'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, ny Vaomieran'ny Lalàna, ny Vaomieran'ny Filaminam-bahoaka ary ny Vaomieran'ny Fiarovampirenena tamin'ny endriny nasiam-panovàna (jereo tovana) ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-03-2020/PR “portant création d’une commission d’enquête parlementaire sur les activités des Dahalo dans le District de Morombe”, atolotry ny Solombavambahoaka RAKOTOMALALA Lucien sy ireo mpiaradia aminy, noho ireto antony ireto:

- - Ny fisian'ny tsy maty manota any amin'ny Disitrikan'i Morombe sy ny manodidina mikasika ny asa vono olona sy halatr'omby.
- - Ny fanjakan'ny kolikoly sy ny fanararaotam-pahefana diso tafahoatra.
- - Ny tsy fanajana ny rafi-piarahamonina any amin'ny Disitrikan'i Morombe tamin'ny nandavana ny Dina kanefa efa nahazo fankatoavana tany amin'ny Fitsarana;

ka hoentina eny anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 12 ora sy 40 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

**TOVANA**

<b>Version originale</b>	<b>Version amendée</b>
L'Assemblée nationale, Vu la Constitution,  Vu l'article 114 du Règlement Intérieur de l'Assemblée Nationale	L'Assemblée Nationale, Vu la Constitution, <b>Vu l'Ordonnance n°2014-001 du 18 avril 2014 portant Loi organique fixant les règles relatives au fonctionnement de l'Assemblée Nationale</b>  Vu l'article 114 du Règlement Intérieur de l'Assemblée Nationale
<b>DECIDE</b> 1.La création d'une Commission d'enquête parlementaire sur la situation sécuritaire dans le District de Morombe. Elle sera chargée de mener les investigations nécessaires en vue de faire la lumière sur les grands actes de banditisme perpétrés dans cette localité.	<b>DECIDE</b> 1.La création d'une Commission d'enquête parlementaire sur la situation sécuritaire dans le District de Morombe. Elle sera chargée de mener les investigations nécessaires en vue de faire la lumière sur les grands actes de banditisme perpétrés dans cette localité. <b>Sous réserve des dispositions des articles 32 et 33 de l'Ordonnance n°2014-001 sus-visée.</b>
	<b>2.Concernant l'affaire d'Antanimeva de 2019, ladite commission d'enquête parlementaire sera chargée du démantèlement d'éventuel réseau de corruption conduisant l'impunité de JAONARY</b>
<u>2.</u> La commission sera instituée suivant les dispositions légales et réglementaires en vigueur et présentera son rapport à l'Assemblée plénière comme le prévoit le Règlement Intérieur.	<b>3.</b> La commission sera instituée suivant les dispositions légales et réglementaires en vigueur et présentera son rapport à l'Assemblée plénière comme le prévoit le Règlement Intérieur.
<u>3.</u> Recommande au Gouvernement, en vertu des dispositions constitutionnelles et légales en matière de contrôle de l'action du Gouvernement, de prêter main-forte aussi bien en terme de moyens qu'en assistances techniques et logistiques à la Commission afin qu'elle puisse mener à bien ses missions	<b>4.</b> Recommande au Gouvernement, en vertu des dispositions constitutionnelles et légales en matière de contrôle de l'action du Gouvernement, de prêter main-forte aussi bien en terme de moyens qu'en assistances techniques et logistiques à la Commission afin qu'elle puisse mener à bien ses missions

Nisaoran'Andriamatoa Filoha, tamin'ny famakiana ny tatitra nataony ny Mpampakateny.

Taorian'ny famakiana ny tatitra, tsy nisy nanana fanamarihana momba izany ny Solombavambahoaka na ny solotenan'ny Governemanta.

Rehefa izany, nomena fitenenana ny solotenan'ny mpanolotra ny Tolo-pehin-kevitra. Andriamatoa RAKOTONDRA SOA Fetra no nandray fitenenana.

Nambarany fa izy no misolotena an'Andriamatoa RAKOTOMALALA Lucien satria tsy tonga izy noho ny tsy fahasalamany. Efa ela isika, hoy izy, no naheno ny fitarainany amin'ny resaka dahalo. Ny zava-doza dia misy tsy maty manota. Zava-dehibe eto amin'ny tany sy ny firenena ny ahafahana manangana an'io vaomiera io mba hialana amin'io toe-draharaha io. Lasa misy fifamaliana amin'ny mpitandrofilaminana sy ny Solombavambahoaka ary ny vahoaka any antoerana. Vaomiera hitadiavana ny rariny sy hitsiny no hajoro hialana amin'ireo olona tsy maty manota ary tsy hisian'ny valifaty, fa hoentina hamerenana ny fandriampahalemana amin'iny Faritra iny, andaniny; hampiverina ny lanjan'ny Dinabe, ankilany. Marihana hatrany, hoy izy, fa efa nahazo "homologation" avy tamin'ny fitsarana izany Dinabe izany. Raha misy zavatra tokony hohatsarina, isika izao no hanao azy.

Teo ampamaranana ny teniny, nitaona ny rehetra mba handany ny Tolo-pehin-kevitra ny tenany.

Nisaotra azy tamin'ny teny nataony koa, Andriamatoa Filoha.  
Rehefa izany, nitohy ny fanomezana fitenenana.

Nilaza, Andriamatoa MAMANGY Norbert, fa tsy tokony hasiana adihevitra ity fa holaniana sady ao anatin'ny asan'ny Solombavambahoaka ny manao an'izany fananganana vaomiera izany.

Mahamenatra ny zava-misy satria olona iray no mibaiko ny Fanjakana amin'ny tsy fisian'ny tsy maty manota eto amin'ny firenena, hoy Andriamatoa DINAH Romual. Vola 80 Tapitrisa Ariary no takiana amin'ny Lehiben'ny Distrika sy ny namany. Mahatratra 320 Tapitrisa Ariary ka hatramin'ny 563 Tapitrisa Ariary ny vola takiana amin'izy ireo. Noho izany, aleo idirana lalina ity zavatra ity. Izany hoe, andao holaniana ity Tolo-pehin-kevitra ity.

Nilaza kosa, Andriamatoa FERNAND Jeannot, fa tokony hofidina ity Tolo-pehin-kevitra ity ary tokony hatsangana ny vaomiera maharitra ato amin'ny Antenimierampirenena mba hanadihady ny zavatra tahaka izao. Ohatra, raha manana omby roa ianao, takiana vola 12 Tapitrisa Ariary amin'ny alalan'ny FIB. Tsapa fa manjaka ny kolikoly ary tsy amin'ity irery, fa hanangana vaomiera hiaro ny vahoaka mihitsy isika.

Taorian'izay, nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta ary fialan-tsiny no nentindRamatoa RAKOTONDRAJERY Salohy, Teknisiana avy ao amin'ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, noho ny tsy nahatongavan'ny Minisitra satria voatazona amin'ny andraikitra hafa ny tenany.

Ady atao amin'ny tsy maty manota ity Tolo-pehin-kevitra ity; noho izany, miombon-kevitra amin'ny Solombavambahoaka izahay. Tokony hitovy ny rehetra eo anoloan'ny lalàna, fa tsy hisy an'izany tsy maty manota izany.

Fahefana nomena ny Solombavambahoaka ny manangana vaomiera tahaka izao ka tsy mametraka olona izahay.



Raha hiditra amin'ny tatitra teo, ao amin'ny andininy faha-2, tokony hamboarina kely io teny hoe "démentèlement" io raha mety.

Nanao satroka Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson ka nomena fitenenana, ary nitondra fanamarihana fa voaray ny hetaheta koa enga anie hahita ny rariny isika. Tokony hisy tatitra mazava ataon'ny vaomiera eto amintsika aorian'ny fanaovany ny asany.

Angamba efa ao amin'ny "version amendée" io andininy voalazan'ny teknisiana teo io.

Rehefa izany, mbola nomena fitenenana indray ny teknisiana, ka ny Jeneraly Lefitra Faharoan'ny Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Fiarovam-pirenena miadidy ny Zandarimaria no nitondra ny fitenenana ary nilaza fa manohana tanteraka ny fitadiavana ny fahamarinana ny Zandary mba hanana tany tan-dalàna hialana amin'ny tsy maty manota, hahitana hoe iza no marina sy iza no diso.

Hiaraka hanarina ny tsy mety isika hanana izany tany tan-dalàna izany.

Andriamatoa RASOLOMAHOLY RAKOTOZANANY, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana kosa nankasitraka ny fananganana ny vaomiera ary nirary ny hahitana ny marina any Morombe sy tapany atsimon'ny Nosy.

Nanampy izany koa Andriamatoa RANDRIANIRINA MANAHY, avy amin'ny Polisim-pirenena fa manome baiko amin'ny ady amin'ny kolikoly izy ireo. Ny tanjona dia ny hoe "zero corruption".

Mankasitraka ny Solombavambahoaka amin'ny fandraisana andraikitra ary aleo hivoaka ny tena marina. Eo anatrehan'izay, mirary soa ny Solombavambahoaka hahavita ny adidy ankinina aminy.

Rehefa izany, nomena ny solotenan'ny mpanolotra ny Tolo-pehin-kevitra ny fitenenana. Fisaorana ny rehetra no nataon'Andriamatoa RAKOTONDRASOA Fetra satria tsy manankolazaina ny tenany.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory. Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izao fandaniana izao.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 41 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-003-2020/PR « portant création d'une commission d'enquête parlementaire sur les activités des DAHALO dans le District de Morombe », atolotry ny Solombavambahoaka RAKOTOMALALA Lucien sy ireo mpiara-dia aminy.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa RAKOTONDRASOA Fetra, fisaorana ny rehetra no natolony, eny na teto amin'ny fivoriambe na tany amin'ny asam-baomiera.

Nilaza Andriamatoa Filoha, taorian'izay fa araka ny tatitra azony, tsy nivory ny asam-baomiera momba ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-002-2020/PR naroson'ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee; noho izany, amin'ny manaraka no handinihana azy.

Rehefa izany dia hiroso amin'ny fandinihana ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-04-2020/PR mikasika ny fananganana sy fandaminana ny Fokontany, atolotry ny Solombavambahoaka RAKOTOSON Hubert, ny mpivory.

Niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera mba hamaky ny tatitra momba izany, Andriamatoa Filoha, taorian'izay.

Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta no nanatontosa izany, ka toy izao izany:

Nivory ny Talata faha-23 Jona 2020 tamin'ny 3 ora sy 30 minitra, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Vaomieran'ny Lalàna, nandinika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-004-2020/PR mikasika ny fananganana sy fandaminana ny Fokontany, natolotry ny Solombavambahoaka RAKOTOSON Hubert.

Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa, Filohan'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana tonga nanatrika ny fivoriana:

Andriamatoa sy Ramatoa isany,

1. RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
2. ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
3. EDZARD
4. RATSIMBAZAFY Alain Jean
5. RAKOTONDRAVONY A. Andrianiaina
6. RASOLOFOMANANA Beby Olivier
7. RAKOTOMALALA Miarintsoa A.
8. RAKOTOSON Hubert
9. RAKOTOARISOA Johnny

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga niatrika ny fivoriana:

Andriamatoa isany,

1. RAKOTOMALALA Miarintsoa A.
2. RAKOTOSON Hubert
3. VONINAHITSY Jean Eugène

Ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana tonga nivory:

Andriamatoa isany,

1. RAJAABELINA Lova Herizo
2. SATRA Augustin

Ireto avy ireo teknisiana nisolotena ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany;

- |                                  |                               |
|----------------------------------|-------------------------------|
| 1. RAKOTONIRINA Gervais          | DIRCAB/MID                    |
| 2. RASOLOMAHOLY R. Célestin      | SG/MID                        |
| 3. RASOLONDRABENY Alain          | DAGOSP/MID                    |
| 4. RAKOTONJANAHARY Jean Yves     | DELED/MID                     |
| 5. BAMAVAVY Emelie N.            | DAT/MID                       |
| 6. DAMYVONISOA Nadège            | SACA/DAT/MID                  |
| 7. RABARISON Anja Valisoa        | Collaborateur/SL/DERL/Min Jus |
| 8. RANDRIANARISOA Henintsoa      | Magistrat/SEN/DERL/Min Jus    |
| 9. RANDRIANANDRASANA Vonjiniaina | Magistrat/SEAI/Min Jus        |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia nanome fitenenana ny tsirairay hanao ny fifankafantarana, ka taorian'izay, niroso avy hatrany tamin'ny famakiana ny Tolo-pehin-kevitra izay nataon'Andriamatoa Mpampakateny.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha ireo teknisiana avy ao amin'ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana ny fitenenana mba hitondran'izy ireo fanazavana ara-teknika sy ireo fehezan-dalàna mikasika ny Fokontany.

Nandritra izany no nanazavan'ireo, fa ny Fokontany dia rafitra eny anivon'ny fitantanana ny Lafin-tany izay mazava tsara ny lalàna mifehy azy. Ny Fokontany dia rafitra miankina amin'ny "fitsinjaram-pitondrana" na "déconcentration", ka olom-boatendry no mitantana azy. Io rafitra io dia tsy manana fahefana hanao asa fampidiram-bola, fa ny Fitondram-panjakana Foibe no miantoka ny fampandehanan-draharaha sy ny tambin-karaman'ireo tomponandraikitra ao. Ankoatry ny eo anivon'ny Fokontany izay rafitra fototra tantanin'ny Lehiben'ny Fokontany dia ny Lehiben'ny Boriborintany no tomponandraikitra eo anivon'ny Kaominina, ny Lehiben'ny Distrika no eny anivon'ny Distrika ary ny "Préfet" no eny anivon'ny Faritra na Prefektora.

Tsara marihana, fa ny rafitra "fanapariaham-pahefana" dia tsy tahak'izay satria ity farany dia olom-boafidy no mitantana azy, ka ny eo anivon'ny Faritra dia ny Lehiben'ny Faritra na ny Governora no mitantana izany ary raha ny tokony ho izy dia olom-boafidy izany saingy noho ny fandaminana mbola tokony hanatanterahana izany dia olom-boatendry aloha no misahana ireo andraikitra ireo ankehitriny. Ao anatin'ny raitra fanapariaham-pahefana ihany koa ny Ben'ny Tanàna izay tomponandraikitra voalohany eo anivon'ny Kaominina. Ny mampiavaka ireo rafitra ireo dia ny fananany fahefana hampidi-bola sy hivelon-tena.

Arak'izay, raha ny momba ny fokontany manokana dia rafitra tsy tokony hanao asa fampidiram-bola na hitakiana vola amin'ny vahoaka izy ireo; saingy matetika, noho ny

fiaraha-miasan'izy ireo amin'ny Kaominina misy azy dia misy ireo anjara andraikitra ny Kaominina no omeny ny Fokontany, mba hahatonga ity farany hanampy ny fidiram-bolany.

Fahazarana nolovaina tamin'ny Repoblika Faharoa ny fahafahan'ny vahoaka mifidy ny Lehiben'ny Fokontany satria ny Lalàmpanorenana tamin'izany dia mbola nampiditra tao anaty rafitra itsinjaram-pahefana ny Fokontany. Saingy mba ho fanajana ny rafitra itsinjaram-pitondrana misy azy araky ny Lalàmpanorenana nanomboka tamin'ny Repoblika faharoa mandrak'ankehitriny dia ny Lehiben'ny Distrika no manendry ny Lehiben'ny Fokontany amin'ny alalan'ny Didim-pitondrana miainga amin'ny olona navoakan'ny safidimbahoaka. Izany hoe, mifidy olona izay tiany sy heveriny fa hitantana ny Fokontany misy azy ny vahoaka ao, ka ny Lehiben'ny Distrika no manamafy izany amin'ny alalan'ny Didim-pitondrana.

Ny Didim-panjakana laharana faha-2009-890 tamin'ny Jolay 2009 no mamaritra ny fomba fiasa sy ny anjara andraikitra ny Fokontany.

Koa manoloana ity Tolo-pehin-kevitra izay tena zava-dehibe ity dia ireto teboka telo manaraka ireto no rafi-dalàna tsara tsindriana mba hampazava azy dieny mialoha:

- voalohany, raha ny zava-misy ankehitriny dia tandrifim-pahefan'ny didy enam-pitsipika na "pouvoir réglementaire" ny Fokontany. Maro ireo pitsopitsony tsy maintsy jerena satria mety hahavoakasika Minisitera na sampandraharaha maromaro ny fanovàna tiana apetraka, ka ilana famakafakana lalina. Ohatra amin'izany raha hampitombo ny isan'ny Fokontany na ny tambin-karaman'ireo tomponandraikitra ao isika dia hisy fiantraikany amin'ny tetibolampanjakana izany. Toy izany ny momba ny fahafahan'ny Fokontany hampiditra sy hitantambola dia mbola mila jerena ihany koa ny endriky ny "comptabilité publique" ampiharina amin'izany.

- faharoa dia ny fidirana amin'ny fahefan'ny lalàna ny fifehezana azy raha toa hiditra amin'ny fampitomboana isa ny Fokontany satria mety hanova ny rafitry ny Fokontany tsirairay izany, izay mety hitarika amin'ny fiovan'ny saritanin'ny Kaominina na Distrika na ihany koa ny Faritra mihitsy. Toy izany ihany koa raha vao miroso amin'ny fahafahana mampidi-bola ny Fokontany, ka hiova sata dia tafiditra ao anaty fahefan'ny lalàna izany.

- fahatelo, araky ny kabarin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika izay mikasa ny hanome fahefana bebe kokoa ny Fokontany sy arak'ity hetahetan'ny Solombavambahoaka ity dia mety hanova ny sata misy ny Fokontany ho isan'ny rafitra "fanapariaham-pahefana" izany, ka hahatonga azy ho tantanin'ny olom-boafidy mivantana sy hahatonga azy ho afaka hanao fampidiram-bola. Izany anefa dia fahefan'ny Lalàmpanorenana, ka ny hirosoana amin'izay dia mitarika any amin'ny fanovàna Lalàmpanorenana.

Taorian'izay dia nanamarika ny Solombavambahoaka, fa samihafa tanteraka ny zava-misy iainana any ambanivohitra sy etỳ an-tanàn-dehibe. Any ambanivohitra dia misahana zana-tanàna maromaro ny Fokontany iray. Misy amin'ireo zana-tanàna ireo anefa no lehibe sy maro mponina kokoa noho ny renivohitry ny Fokontany. Ny ankamaroan'ny zana-tanàna mandrafitra ny Fokontany dia lavitra na saro-dalana, ka miteraka elanelana be amin'ny samy mpiray fiadidiana. Vokatry ireo tranga ireo dia matetika diso ny "données statistiques"

ampiasaina any ambanivohitra satria na ny mpitantana ny Fokontany aza dia efa tsy mahafantatra ny ankamaroan'ny mponina intsony. Ny halaviran'ny toerana dia miteraka ihany koa tsy fandriampahalemana, fahasahiranan'ny fitsaboana, ny fampianarana ary misy fiantraikany goavana amin'ny fahavitrihan'ny mpifidy izany rehefa fotoam-pifidianana. Manoloana ireo, mila jerena akaiky ny hahafahana mampitombo isa ny Fokontany.

Ankoatr'izay, nifandimby naneho hevitra ny Solombavambahoaka tonga nivory, ka nivoitra tamin'izany fa:

- tena ilaina ny famoronana Fokontany sy Kaominina vaovao, fa efa mivoatra be ny zava-misy eny anivon'ny fiaraha-monina, indrindra any ambanivohitra lavitra any, ka efa sarotra ny hifehezana ny fari-piadidiana misy ankehitriny;
- tokony ho azo raisina ho isan'ny fepetra ahafahana mizaka Fokontany ny isan'ny mponina sy ny halaviran-toerana,
- manoloana ny fifanitsahan'ny andraikitra sy ny fari-piadidiana eo amin'ny samy Fokontany na fifampidiran'ny Fokontany any amin'ny Kaominina tsy tokony hisy azy dia hisy fandaminana goavana hatao amin'izany,
- ilàna fanatsarana goavana ny fomba fifidianana Lehiben'ny Fokontany satria miteraka lonilony lalina sy kolikoly mambotry vahoaka ny endriky ny fifidianana misy amin'izao,
- efa tamin'ny taona 2007 no nisy fifidianana Lehiben'ny Fokontany ara-potoana farany teto, ka tokony haroso haingana ny fifidianana izany satria efa vita rahateo ny fifidianana Ben'ny Tanàna izay iankinan'izany,
- tokony hazava tsara ireo karazan'andraikitra hakan'ny Fokontany vola amin'ny vahoaka sy izay fifanaraham-piaraha-miasa ifanaovany amin'ny Kaominina; na izany aza, tokony hojerena manokana ihany koa ny hahafahan'ny Fokontany mivelon-tena,
- ilàna fitandremana ny fanomezana fahefana goavana ny Fokontany satria raha toa omena ny Fokontany manontolo na amin'ny ampahany ireo fidiram-bola nankinin'ny Kaominina taminy, ka mety hitarika ny fahafatesan'ny Kaominina izany,
- eo anatrehan'ny tsindry maro samihafa sy ny adidy mavesatra iantsorohan'ny Lehiben'ny Fokontany dia mila jerena manokana ny fampiakarana ny tambin-karama ho famporisihana azy ireo ary izany dia tsy tokony hatao tapatapaka. Zava-dehibe ny tokony hamaritana mazava io tambin-karama io sy ireo tosika ara-bola ho azy ao anaty tetibolam-panjakana.

Taorian'izay, niverina nandray fitenenana ireo teknisiana izay nitondra fanamarihana vitsivitsy manoloana ny fanehoan-kevitra nataon'ireo Solombavambahoaka.

Nohazavain'izy ireo tamin'izany fa:

- ny fahataran'ny tambin-karaman'ny Lehiben'ny Fokontany dia olana eo amin'ny fandaminan-draharaham-panjakana satria miankina amin'ny "gestion de trésorerie" izany sy izay laharam-pahamehan'ny Governemanta. Ankoatr'izay, misy koa ny fanodinkodinana ataon'ireo tomponandraiki-panjakana any ifotony izay efa anaovan'ny Minisitara fanadihadiana lalina ankehitriny ary misy amin'ireo tomponandraikitra no efa naiditra amponja; na izany aza, efa ao anatin'ny ezaka ahafahana mandefa ny tambin-karama haingana ny Minisitara;

- eo amin'ny fomba fifidianana ny Lehiben'ny Fokontany dia mazava ny voalazan'ny Didim-panjakana laharana faha-2009-890, fa ny vahoaka dia mifidy olona iray, ka ny Lehiben'ny Distrika no mamoaika ny Didim-pitondrana manendry io olona lanim-bahoaka io;

- ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana dia mikasa ny hametraka fomba fiasa vaovao, ka amin'ny fifidianana Lehiben'ny Fokontany ho avy dia amin'ny andron'ny fifidianana ihany no hamoahan'ny Lehiben'ny Distrika Didim-pitondrana manendry izay olona lanim-bahoaka eo amin'ny Fokontany.

Teo ampamaranana ny fandraisam-pitenenany dia nanambara ireo teknisiana, fa amin'ny maha Tolo-pehin-kevitra azy dia raisina an-tànan-droa ny sosokevitra toy izao sy izay mbola ho avy, ka hatao teboka hiaingana izany hahafahana mandrafitra didy amam-pitsika na Tolo-dalàna hifanaraka amin'ny tena filan'ny vahoaka.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandanianana ny Tolo-pehin-kevitra ny mpivory. Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirena.

Nolanian'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana ary ny Vaomieran'ny Lalàna tamin'ny endriny tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-004-2020/PR mikasika ny fananganana sy fandaminana ny Fokontany, natolotr'Andriamatoa RAKOTOSON Hubert noho ny fahatsapana fa:

- laharam-pahamehana ny hitondrana rafitra vaovao noho ny fitomboan'ny mponina, indrindra eny amin'ny tontolo ambanivohitra;
- maro ireo vahoaka tsy tafiditra amin'ny fanisana ampidirina amin'ny "données statistiques"
- misy andraikitra mifanitsaka eo amin'ny rafitra fitsinjaram-pahefana sy ny rafitra fanaparaham-pahefana,

ka haroso eny anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 5 ora, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

Taorian'ny famakiana ny tatitra, tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana momba izany ny Solombavambahoaka sy ny solotenan'ny Governemanta.

Rehefa izany, nomena an'Andriamatoa RAKOTONDRA SOA Fetra, solotenan'Andriamatoa RAKOTOSON Hubert, ny fitenenana hanolorany ny Tolo-dalàna noho ny tsy fahafahan'ity farany nanatrika ny fivoriana.

Nambarany tamin'izany fa ny Fokontany no rafitra akaiky indrindra ny vahoaka raha ny rafi-pitondrana eto amintsika no jerena. Izany hoe, ny asa rehetra eny ifotony, ny Lehiben'ny Fokontany daholo no manao izany. Ohatra fahita amin'izany, ny fandaminana ny adin'ny mpivady, ny fandaminana ny fanarahan-dia ireo omby very, ny fikirakirana ny antontan-taratsim-pifidianana; maro tsy voatanisa ny andraikitra sahaniny, fa ohatra entina milaza hoe tena miantsoroka adidy maro izy ireo.

Raha ity Tolo-dalàna ity kosa no asiana teny, rafitra mamaly ny fanatsarana ny Fokontany izao aroso izao. Rehefa hikarakara taratasy any amin'ny Fokontany, mandeha 4 na 5Km vao mahita mpikambana ao amin'ny Fokontany.

Mety hampiova zavatra amin'ny asan'ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana izy ity satria azo lazaina fa hisy hifanitsaka ny Kaominina sy ny Fokontany na amin'ny velarana izany na amin'ny asa tokony hataony. Hita tamin'ny fifidianana farany teo, fa nisy akony tamin'izany fifidianana izany ny resaka Fokontany. Ohatra azo raisina mivantana ny fihenana'ny isan'ny mpifidy.

Taorian'izay fanazavana fohy nentiny izay, nitaona ny Solombavambahoaka rehetra mba handany ny Tolo-dalàna natolotry ny namana ny tenany satria hiteraka fanatsarana lehibe amin'ny fitantanana ny Fokontany izy ity.

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiditra amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa MAMANGY Norbert, notsindriany fa olona voafidy no tokony ho Lehiben'ny Fokontany. Izany hoe, tsy azo ialana ny fifidianana izay ho Lehiben'ny Fokontany.

Maro ny adidy iantsorohany araka ny voalaza teo kanefa tena ahitana kolikoly ao anatin'izany. Ohatra, mikasika ny tambin-karaman'ireo olona ireo: esorin'ny "Délégué" ny Lehiben'ny Fokontany, tsy aloany ny tambin-karamany rehefa mitaky ity farany. Lazainy fa mbola tsy tonga, hono, ny vola. Tafapetraka indray ny Lehiben'ny Fokontany vaovao, ambarany fa ny teo aloha no tokony handray ny vola satria vao tsy ela no nandraisany ny asany. Izany hoe, ny "Délégué" no mihinana ny volan'ny Lehiben'ny Fokontany. Any Bemanavika no ahitana izany tranga izany. Mila fanaraha-maso avy any amin'ny Minisitera izay toe-javatra izay.

Manoloana ny Tolo-dalàna dia nitaona ny Solombavambahoaka izy mba handany izany.

Andriamatoa DINAH Romual kosa nilaza, fa tsy tokony hanakana ny fampiharana ity Tolo-dalàna ity ny Minisitera rehefa lany satria ny Lehiben'ny Fokontany nofidin'ny Fokonolona no akaiky indrindra azy. Rafitra entina hanatsarana fomba fiasa sy hanasoa vahoaka koa ity Tolo-dalàna ity, ka tsara raha ampiharina amin'ny fotoana mampety azy. Azo anaporofaana izany ny voalazan'ny namana teo; raha lavitra ny biraon'ny Fokontany, raha misy olon-dehibe na olona marary kanefa te-hifidy, tsy mandeha manao ny adidiny izy ireo noho izay fahalavirana izay.

Raha misy koa fanisam-bahoaka atao, ny Lehiben'ny Fokontany no manao izany satria izy no mahalala ny olona ao aminy.

Mikasika ny Kaominina, maninona raha ampiana koa ny isan'izany satria maro ny zaza no tsy manana kopia rehefa hianatra noho ny fahalavirana.

Nambarany fa tokony tsy hisy olana ny fandaniana ity satria fanatsarana ny rafitra misy sy fanatsarana ny fitondrana ihany koa ny fanatanterahana azy. Noho izany, laniana ny Tolo-dalàna natolotry ny Solombavambahoaka namana.

Raha nomena fitenenana Andriamatoa FAMINDRA Justin, nanontany ny teknisiana avy hatrany hoe: firy ny isan'ny mponina vao mahazo Fokontany; firy kilometatra koa ny "rayon" vao mahazo izany.

Maninona no tsy mitovy ny tambin-karama omena ny Lehiben'ny Fokontany eto amintsika. Raha ao Toamasina I manokana, miisa 138 ny Fokontany; ny zavatra tsapa anefa ny isany tsy mitombo fa ny birao fandatsaham-bato no ampiana. Nisy aza Fokontany iray nanana birao fandatsaham-bato miisa 7; teo anatrehan'izay, sahirana ny olona rehefa handeha hifidy. Izany hoe, tokony hozaraina ny Fokontany fa tsy ny birao fandatsaham-bato no ampiana. Tokony efa ho Fokontany miisa 10 no hozaraina ao Toamasina I raha ny zavatra iainana no jerena.

Nitaona ny namany handany ny Tolo-dalàna ny tenany satria hitondra fanatsarana izy ity.

Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Georges kosa nihevitra, fa fanapariaham-pahefana eo anivon'ny Fitondrana ny Fokontany. Ny zavatra tsapa anefa, ny Lehiben'ny Fokontany sy ny Lefiny indray no tsy mandray karama. Tokony hojerena ny momba izay satria mijaly ireo olona ireo, toa tsy misy mamaly ny fitarainany momba izany.

Nohamafisiny koa, fa miteraka korontana io fanendrena izay olona ho Lehiben'ny Fokontany io, ka aleo fidina fa tsy tendrena izany. Sosokevitra no aroso amin'io fifidianana io. Maninona no amin'ny fotoana anendrena ny Lehiben'ny Fokontany no anaovana ny fifidianana. Tsy tsapantsika ve, fa misy Fokontany tena lavitra araka ny efa voalaza matetika teo.

Nanolotra sosokevitra mikasika ny fandoavana ny tambin-karaman'ny Lehiben'ny Fokontany sy ny Lefiny, Ramatoa BAOFENO Micheline, amin'ny tokony handefasana izany mivantana any amin'izy ireo amin'ny alalan'ny "paositra money" na "MVola", hialana amin'ny kolikoly.

Nangataka ny handefasan'ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana ny antontan-taratasy mikasika ny fepetra ahazoana Fokontany sy Kaominina aty amin'ny Solombavambahoaka kosa, Andriamatoa FERNAND Jeannot ary nitaona ny namany handany ny Tolo-dalàna.

Nanontany mikasika ny andininy voalohany sy ny andininy faharoa, Andriamatoa TSIKIVY Adrien, raha nandray fitenenana hoe: iza no "organe délibérant" ao amin'ny Fokontany. Raha nandinika isika, hoy izy, misy Fokontany miisa 5 dia mahazo Kaominina sahadry. Inona no fepetra araka ny voalazan'ny namana teo. Sao hisy zavatra hifangaro, ka aleo mandinika tsara isika.

Notsindriany koa, fa amin'izao fotoana izao, ny "Délégué" no tena tsy mampandeha ny fitantanana ny Kaominina. Tokony handraisana fepetra izy ireo noho izay antony izay.

Raha jerena ny lalàna laharana faha-2008-007, izy ireo no tokony hivarotra ny "Fiche Individuelle de Bovidé" na ny FIB amin'ny vidiny 20 000 Ariary kanefa mihoatra lavitra noho



izany no amarotany azy. Izany hoe, misy kolikoly amin'io resaka FIB io, ka tokony harahina maso. Misedra fahasahiranana ny Ben'ny Tanàna amin'izay lafiny izay satria tsy izy no manao ny tsy mety kanefa izy no ho tratran'ny sazy raha misy fanadihadiana atao.

Amin'ny fahazoana Fokontany, tokony hojerena koa ny “découpage géographique” satria mety ho sahirana ny Ben'ny Tanàna sy Lehiben'ny Fokontany rehefa misy asa goavana atao, toy ny fifidianana sy fanisana ny mponina.

Tsy azon'ny Minisitery ampiakarina ve io tambin-karaman'ny Lehiben'ny Fokontany io satria tena kely loatra izany vola 40 000 Ariary izany raha ny vidim-piainana amin'izao fotoana izao no jerena.

Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin, raha nandray fitenenana dia nilaza fa mankatoa ny fananganana Fokontany. Notsindriany, fa raha tafapetraka izany, mandeha tsara amin'izay ny zava-drehetra. Ao anatin'izany, mila jerena ny mikasika ny elanelan-tany; araka ny voalazan'ny namana rehetra teo aloha, tsy handeha hifidy ireo olona lavitra. Izany hoe, tokony hisy biraom-pokontany isaky ny Fokontany, mba tsy handehanan'ny olona lavitra raha mitaha amin'ny fonenany.

Nomarihany koa, fa tokony ho faritana mazava tsara ny andraikitra ny Lehiben'ny Fokontany sady aleo atao hoe karama mihitsy no omena azy ireo, fa tsy tambin-karama satria olona miasa toy ny rehetra izy ireo. Ao amin'ny birao no ahitana azy isan'andro kanefa ny vola raisiny kely dia kely. Tsy ampy io 40 000 Ariary io, ka tokony hojerena manokana izy ireo.

Inona no fepetra ahazoana mirotsaka hofidina ho Lehiben'ny Fokontany. Mila hazavaina izay satria izany no mampisy ny olona amin'ny Fokonolona sy ny Lehiben'ny Fokontany.

Nitaona ny namana handany ny Tolo-dalàna sady mankasitraka ihany koa ny fananganana sy ny fandaminana any amin'ny Fokontany ny tenany.

Mankasitraka ny fananganana Fokontany vaovao koa Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery araka ny nambarany rehefa nomena fitenenana.

Nomarihany fa misy hevitra tsy mampifankahazo ny Mpanao Lalàna sy ny Mpanatanteraka raha ny fandraisam-pitenenana no dinihana. Raha ny Lalàmpanorenana no jerena dia rafi-pitondrana ny manangana Fokontany, ka tokony ho hain'ny Mpanatanteraka koa ny hametraka izany toy ny nanaovany ny Governora.

Teny fohy no nataon'Andriamatoa NASIRA Julien, fa manohana tanteraka ny fananganana Fokontany izy satria zavatra ilain'ny vahoaka ny rafitra tena manakaiky azy.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson indray nanambara, fa manao lalàna ny Antenimierampirenena kanefa raha tsy manatanteraka izany ny Mpanatanteraka, samy miala maina eto ny rehetra. Nomarihany koa fa ny Lalàmpanorenana milaza fa fidina ny Lehiben'ny Fokontany; hanatanteraka izany ve izy ireo sa hamoaka Didim-pitondrana indray mikasika ny Lehiben'ny Fokontany.

Hazavao koa ny tena ho andraikiny ary tokony homena isam-bolana ny karamany. Aleo hovahantsika io olana io satria olana tokony hanao asa hafa ny Lehiben'ny Fokontany kanefa tazonina hanatanteraka asam-panjakana miaraka amin'io karama faran'izay kely io. Noho izany, aleo apetraka tsara ny lalàna hifehy azy ireo.

Nisaorany ny asam-baomiera tamin'ny asa izay nataon'izy ireo, teo ampamaranana ny teniny.

Rehefa tsy nisy nandray fitenenana intsony ny Solombavambahoaka, nomen'Andriamatoa Filoha ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana, mba hamaliany ireo fanontaniana sy fanamarihana ireo.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RANDRIANIRINA MANAHY, teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, nomarihany fa ny hetaheta naroson'ny Solombavambahoaka teo dia sosokevitra avy tamin'ny vahoaka avokoa. Raha aravona, zavatra dimy no tena noresahana teo, ohatra: lavitra ny toerana, "découpage territorial", ny tambin-karaman'ny Lehiben'ny Fokontany kely loatra sady miteraka fanararaotana, ny fifidianana Lehiben'ny Fokontany tokony hiendrika fanapariaham-pahefana, hofidina ny Lehiben'ny Fokontany ary fanamarihana (constatation) no tokony hataon'ny Lehiben'ny Distrika aorian'izay.

Raha momba ny hoe, homena tetibola ny Fokontany, tsy mety satria "circonscription administrative" izy. Raha izay no atao, lasa hanova Lalàmpanorenana isika ary ny "comptabilité publique" mihitsy no hiova amin'izany. Eo amin'ny fanatanterahana no mila fandinihana satria mety tsy ho voaloha ny karamany.

Momba ny fananganana Kaominina sy Fokontany, ianareo Parlemanta no manana fahefana manao izany, fa tsy izahay tsy akory. Raha amin'ny fomba fijery, tsy manohitra ny Minisitera, fa ny fanatanterahana azy no olana.

Mikasika ny zava-misy any Bemanevika, hojerena ny momba azy.

Antony maro no nilazana hoe nitombo ny isan'ny Fokontany sy ny Kaominina eto amintsika, tsarovy fa sarotra ny manova lalàna. Raha mikasika ny resaka Fokontany fotsiny, any amin'ny 500 pejy any ho any izany. Araka ny voalaza teo aloha, tsy manohitra an'izany ny Minisitera fa aleo miara-miasa hahitana izay hatao.

Momba ny isan'ny mponina sy ny elanelan-tany, misy ny lalàna laharana faha-76-044 izay misy ny lisitry ny Fokontany navoaka tamin'izany. Azo eritreretina ny hanao "refonte" amin'io lalàna io saingy tsy mbola amin'izao fotoana izao. Mila fandraisana fanapahan-kevitra izany, ka hanaovana tatitra any amin'ny Minisitry izay tomponandraikitra voalohany.

Mikasika ny Toamasina I hoe tokony hozaraina ny Fokontany satria mitombo ny isan'ny mponina: raha homena tetibola ny Fokontany dia "collectivité décentralisée" izy amin'izay fotoana izay. Fantatra anefa fa mampidi-bola ny Fokontany saingy vola kely, toy ny fanomezana "certificat de résidence". Tsy azo atao izay raha ny lalàna, fa tokony ho volan'ny Kaominina izany. Tsy anjarantsika ny manova ny lalàna efa misy, fa amin'izao fotoana izao

kosa, araka ny lalàna, olona iray no fidin'ny olona ao amin'ny Fokontany ka iny no tendren'ny Lehiben'ny Distrika.

Amin'ny hoe fidina amin'ny andro iray ny Lehiben'ny Fokontany ary amin'izay koa no anendrena azy; tsy izay loatra no marina, fa toy ny fifidianana rehetra ihany. Izany hoe, andro iray ihany no anaovana ny fifidianana azy ireo. Raha ny tena izy, aleo eritreretina satria somary mifangaro ny fomba entina milaza azy.

Momba ny volan'ny Lehiben'ny Fokontany, tsapa fa misy fanambakana raha io no ahodinkodina. Hanaovana tatitra ny mikasika izany satria zava-misy tokoa. Taloha, natao "bon de caisse" io tambin-karama 40 000 Ariary io; hita taty aoriana fa betsaka ny saran-dalana noho ny vola alaina ka nofoanana io fomba fakana vola io. Hifampiresaka amin'ny "Paositra money" izahay araka ny sosokevitra teo momba ny fandoavana ny tambin-karama ho an'ny Lehiben'ny Fokontany sy ny Lefiny.

Mikasika ny fepetra fahazoana Fokontany sy Kaominina, misy fangatahana atao alefa any amin'ny Lehiben'ny Distrika. Manao fanadihadiana izy rehefa azony ny antontan-taratasy, aorian'izay vao fantatra izay tokony hatao. Amin'izay fotoana izay, jerena daholo ny lafiny mampety na tsia ny fahazoana Fokontany na Kaominina.

Amin'ny hoe misy elanelan-tany lavitra loatra, iny no nanaovana "refonte" farany, tamin'izay no nahitana ny nampahomby ny fanaovana izay "refonte" izay na tsia.

Momba ny hoe aleo faritana tsara ny andraikitry ny Lehiben'ny Fokontany: tsy maintsy atao izay zavatra izay, fa ny olana dia tsy tonga any amin'ny olona tokony hampihatra azy ny rijantenany hatramin'izao.

Raha atao bango tokana, tsy manohitra ny Tolo-dalàna ny Minisitara saingy tsara ny manamafy, fa tsy hikitika Lalàmpanorenana isika.

Fisaorana ny Solombavambahoaka naharitra nihaino azy tamin'ny famaliana ny fanontaniana napetrak'izy ireo no namaranany ny fitenenana.

Fisaorana koa no nasetrin'Andriamatoa Filoha izany teny nambarany izany.

Nanao satroka, Andriamatoa MAMANGY Norbert ka nomena fitenenana ary nambarany tamin'izany fa hanao Tolo-dalàna mikasika ny fananganana Kaominina izy ireo, ka Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle no hampiandraiketina ny fanaovana azy.

Taorian'izay, nilaza Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no hampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 38 no nandany, tsy nisy nitsipaka, iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-04-2020/PR mikasika ny fananganana sy fandaminana ny Fokontany, natolotry ny Solombavambahoaka RAKOTOSON Hubert.

Taorian'ny fahalianan'ny Tolo-pehin-kevitra, nomeny fitenenana ny solotenan'ny Mpanolotra izany, ka fisaorana ny rehetra nitondra ny hetaheta amin'ny tokony hananganana Fokontany no nambaran'Andriamatoa RAKOTONDRA SOA Fetra. Nisaorany koa ny solotenan'ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana amin'ny tatitra izay hatao any amin'ny Minisitry.

Nomarihany, fa miandry ny lafiny ara-teknika izany no sisa ka ho hita eo ny tohiny.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Filoha, koa amin'ny Talata 30 jona 2020, amin'ny 10 ora, maraina no hanaovana ny fifidianana izay ho solotenan'ny Antenimierampirenena eny anivon'ny CENI. Amin'ny 2 ora, tolak'andro, fandinihana ny Tolo-dalàna laharana faha-02-2019/PL ary amin'ny 3 ora, tolak'andro, fananganana ny Vaomiera Manokana mpanao fanadihadiana manoloana ny HCJ.

Niato tamin'ny 7 ora sy 25 minitra, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona